



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitevaha - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2019

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-17

TATITRA MOMBA NY ASA VITAN'NY VAOMIERAM-PIRENENA  
MAHALEOTENA MISAHANA NY ZON'OLOMBELONA NA NY  
«COMMISSION NATIONALE INDEPENDANTE DES DROITS DE  
L'HOMME (CNIDH)», TAMIN'NY TAONA 2018

Fivoriana faha-4  
Natao ny  
Alarobia 23 Oktobra 2019  
- Maraina -

## FOTOPOTOTRY NY FIVORIANA

Natao ny

Alakamisy 31 Oktobra 2019

- Maraina -

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana .....	01
- Fampahafantarana ny mpiara-miasa ao amin'ny CNIDH .....	02
- Tatitra momba ny asa vitan'ny CNIDH .....	02
- Fametrahan-panontaniana nataon'ny Solombavambahoaka sy valiny avy amin'ny CNIDH .....	07
- Fiatoan'ny fivoriana .....	43

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques  
- Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera

**FANDAHARAM-POTOANA:** Tatitra momba ny asa vitan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona na ny «Commission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme (CNIDH)», tamin'ny taona 2018.

**FOTOANA:** Alarobia 23 Oktobra 2019, tamin'ny 10 ora sy 45 minitra, maraina.

- 1-

- Fitohizan'ny fivoriana -

**Andriamatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy, mitohy ny fivoriantika.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka tonga manatrika izao fivoriambe izao. Arahabaina torak'izany koa, Ramatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'olombelona sy ianareo tomponandraikitra isan-tsokajiny manotrana azy.

Ny fandaharam-potoanantsika amin'izao marainan'ny Alarobia 23 Oktobra 2019 izao dia fivoriambe hihainoana ny tatitry ny asa vitan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona nandritra ny taona 2018 lasa teo.

Ny andininy faha-19, andalana voalohany, ao amin'ny lalàna laharana faha-2014-007 tamin'ny 22 Jolay 2014, nametrahana ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona no milaza, fa manao tatitra momba ny asa vitany mandritra ny taona iray ary mitondra izany eo anivon'ny Parlemanta ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena.

Ho fanatanterahana io voalazan'ny andinin-dalàna io no anton'izao fivoriana izao.

Tsy ho lava resaka aho, fa omeko avy hatrany an-dRamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona na ny CNIDH ny fitenenana hanazavany izany tatitra izany.

Mialohan'izany raha sitrakao, Ramatoa Filoha; tianay raha ampahafantarinao anay ireo tomponandraikitra isan-tsokajiny manotrana anao.

Omena fitenenana ianao, Ramatoa Filoha. Aleo eo amin'ny toeranao ihany ianao; rehefa avy eo miditra amin'ny tatitra isika izay vao miakatra etỳ anoloana ianao manatanteraka izany, Tompoko.

**- Fampahafantarana ny mpiara-miasa ao amin'ny CNIDH -****Ramatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH**

Misaotra indrindra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena, lanareo Solombavambahoakan'i Madagasikara rehetra hajaina, tonga manatrika izao tatitra ataonay izao; faly miarahaba anareo ny tenako.

Manana Birao Maharitra mitarika azy ny CNIDH, Andriamatoa Mamy RABETOKOTANY, izay solotena notendren'ny «Ordre des Avocats», Filoha Lefitra no sady Mpisolovava ny tenany. Andriamatoa Seth ANDRIAMAROHASINA izay voafidy teo anivon'ny «Ordre des Journaliste» sady «rapporteur» ato amin'ny CNIDH ihany koa. Manaraka azy, Ramatoa RAKOTOZAFY Armandine, izay voafidin'ny fiaraha-monim-pirenena hisolotena azy ato amin'ny CNIDH sy Ramatoa RAVAO Georgine Matavimana, izay notendren'ny Antenimierandoholona hisolotena azy ato anatin'ny Vaomiera. Ramatoa Profesora RANDRIATAVY Lova, notendren'ny «Faculté de Droit» amin'ny oniversite tsy miankina eto Madagasikara hisolotena azy, mpampianatra lalàna ny tenany. Ireo rehetra ireo no Kaomisera. Tsy «secrétariat exécutive» no misy ao amin'ny kaomisiona, fa manatanteraka ny asa amin'ny lafiny fitantanan-draharaha fotsiny ihany. Ramatoa RANAIVOSON Sahondra Olga no «secrétaire exécutive», Ramatoa ANDRIAMAMPIONONA Laura «Chef de Service»-n'ny «protection des Droits de l'Homme», mpitsara ny tenany. Mpanampy ny kaomisera kosa ireo sasany tsy voatonona anarana izay mandrafitra ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Ramatoa Filoha, tamin'izay fampahafantarana ny mpiara-miasa aminao izay.

Hiditra amin'ny fihainoana ny tatitra amin'izay isika, am-panetren-tena no ampandrosoana anao etỳ anoloana, Ramatoa Filoha, hanatontosanao izany.

**- Tatitra momba ny asa vitan'ny CNIDH -****Ramatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH**

Andriamatoa, Filoha Lefitra, izay mitarika ny fivoriana;

Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;

lanareo Solombavambahoaka rehetra.

Faly mamerina ny fiarahabana, Tompoko, amin'izao maraina izao, izay hanolorana ny tatitry ny asa nataon'ny CNIDH nandritra ny taona 2018.

Somary efa taratara ihany izany raha dinihana satria mbola niandry fifidianana ny Solombavambahoaka sy ny fametrahana ny Birao Maharitra teto amin'ny Antenimierampirenena.

Efa nisy ihany fanolorana azy tamin'ny faran'ny volana Desambra 2018 teo, ka ny Filohan'ny Antenimierampirenena teo aloha no nitarika ny fivoriana tamin'izay.

Tamin'ny taona 2018 iny no feno 70 taona ny fanambarana maneran-tany mikasika ny zon'olombelona na ny «déclaration universelle des droits de l'Homme» izay nankatoavin'ny Repoblika Malagasy raha vao nahazo fahaleovatenana tamin'ny taona 1960.

Araka ny efa nampahatsiahivin'Andriamatoa Filoha Lefitra, mpitarika ny fivoriana teo, ny lalàna nametraka ny CNIDH no milaza fa ny vaomiera dia manao tatitra momba ny asa vitany isan-taona ary manolotra izany eny amin'ny Antenimiera. Izay no anton-dia eto androany.

Santionany ihany no holazaina eto satria tsy ho voatantara daholo ny raharaha izay nidiran'ny vaomiera nandritra iny taon-dasa iny. Izay misongadina no horesahana amintsika vory eto.

Nisy fitoriana voaray tamin'ny alalan'ny mailaka avy tany Ambohimahasoa; tsy nitonona anarana io olona io. Nilaza izy fa misy olona miisa 11 novonoina ho faty, tsy nisy fitsarana na «exécution sommaire». Olona dimy tamin'ireo avy ao Ambohimahasoa ary ny enina kosa avy ao Alakamisy Ambohimaha.

Araka ny voalaza tamin'izay, Kaomisera tao Ambohimahasoa no tratran'ny Zandary nitondra fiara izay nihoson-drà ka noheverina fa avy tany amin'ny toerana namonoana ireo olona dimy. Tao Alakamisy Ambohimaha kosa, izay voalaza fa nisy halatr'omby sy fikasana hisakana fiara tamin'iny RN7 iny saingy tsy tanteraka izany. Nosamborina ny olona izay voalaza fa nitetika izany asan-dahalo izany ka notifirina ho faty teo no ho eo, fa tsy nampiakarina fitsarana araka ny voatondron'ny lalàna.

Nisy tatitra nataon'ny CNIDH taorian'ny fidinana tany an-toerana, natolotra ny Lehiben'ny Fampanoavana na ny «Procureur de la République», tao Fianarantsoa izay tatitra izay ary natolotra an'Andriamatoa «Directeur Régional de la Sécurité Publique» tao Fianarantsoa ny dika mitovy tamin'izany. Izany hoe, nisy horonan-tsary maharitra roa minitra eo ho eo no tianay aseho eto izay nalefa tany "Genève" satria any no foiben'ny zon'olombelona eo anivon'ny Firenena Mikambana. Tany amin'ny Firenena mikambana no nandefasana azy, ka tamin'ny teny Anglisy fa eo ambany eo ny dika amin'ny teny Malagasy. Raharaha nitranga tao Vohilava Mananjary iny hitantsika teo iny, santionany iray tamin'ny asa nosahanin'ny CNIDH nandritra ny taona 2018. Mikasika ny fitrandrahana volamena izay mbola atao hatramin'izao, tsy fantatra loatra na orinasa na olon-kafa na Sinoa, fa ny fahafantarana azy, toa hoe Sinoa no voamarina. Hita tokoa fa manimba ny tontolo iainana ny zavatra toy izany. Lasa maloto ny rano ka misy fiantraikany amin'ny fahasalaman'ny mponina amin'ireo Kaominina rehetra manodidina.

Tsy vitan'izay ihany, fa lasa very fidiram-bola koa ny Fokonolona any an-toerana satria lasan'ireo Sinoa mampiasa «drague» araka ny sary hitantsika teo. Izay no antony nahatonga ny olona nikomy tany an-toerana.

Tsy nisy zavatra nitranga afa-tsy ny fitakiana tamin'ireo Sinoa momba ny «permis d'exploitation» no nataon'ingahy Raleva mba ahafahan'izy ireo manao fitrandrahana. Raha ny zavatra nisy anefa, fisamborana azy no natao ny ampitso, ka nampatoriana tany amin'ny Zandary ny tenany. Nahazo baiko ny Zandary hoe: eto miakatra any Mananjary; vao tonga tany Mananjary izy, naseho tamin'ny «Procureur» ary avy hatrany dia naiditra am-ponja teo no ho eo ihany ary iray volana latsaka kely no naharetany tany vao notsaraina. Hita fa tsy mitombina akory ny fitoriana azy.

Lasa ny Lehiben'ny Distrika izay nametraka fitoriana indray no nilaza, fa nosintonin'ingahy Raleva ny fitarainana iray andro talohan'ny fitsarana anefa sazy enim-bolana an-tranomaizina, sazy mihantona ihany no azony. Noho izany, nanatona ny Minisitry ny Atitany izahay nampahafantatra azy ny zava-misy; indrindra tamin'ny Lehiben'ny Distrika izay eo ambany fifehezany sy nampisambotra an-dRaleva ary nitony azy tany amin'ny fitsarana. Nanoratra tany amin'ny Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany ihany koa izahay tamin'izany fotoana izany ary nangataka ny hanakatonana an'io fitrandrahana volamena ao amin'ny reniranon'Isaka io, mba hitsinjovana ny tontolo iainana sy ny fahasalaman'ny mponina. Ataoko fa efa ho iray taona izay anefa mbola tsy hita loatra ny niafaran'ny resaka; na izany aza manara-maso an'io raharaha io hatrany izahay.

Nisy tatitra toy izao ihany koa teto amin'ny Antenimierampirenena mikasika ny fanitsakitsahana ny zon'ny mponina tany amin'ny Faritr'i SAVA, tao an-tanànan'i Sambava nataon'ny Solombavambahoaka; nilaza fa nisy fandroahana mponina izay efa nipetraka tamin'io toerana io efa ho amam-polo taonany. Nahazo ny didy tany amin'ny Kaominina izy ireo tamin'ny nahafahany nipetraka tao. Nangataka «titre» efa ela ireo olona ireo saingy tsy nahazo mihitsy. Tampoka teo, nisy mpanam-bola nahazo izany, ka nampandroaka avy hatrany ireo Fokonolona tao an-toerana. Nanampy azy tamin'izany ny mpitandrofilaminana ary nampiasa fitaovana lehibe nandrodanana ny tranon'olona. Nisy mihitsy aza trano vato voarodana tamin'izany. Nanao fikarohana ireo izay tomponandraikitra tamin'io «opération» io izahay satria tsy fantatra hoe avy ao amin'ny «domaine» ve sa tao amin'ny fitsarana sa solotenam-panjakana. Tsy misy afa-tsy nanatanteraka ny asany fotsiny no nataon'ny mpitandrofilaminana ary izahay kosa manao tatitra momba izany any amin'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta. Fivoriana niarahanay tamin'ireo solotenan'ny mponina izay voaroaka tamin'ny toerana nisy azy tao Sambava izay rehetra izay. Betsaka ny zavatra mitranga eto amintsika ary hita fa mahazo vahana ny fampihorohoroana. Very anjavony ny fanjakana tan-dalàna, ka tsy hitan'ny mponina intsony izay hatao.

Nisy vono olona tao Manombo Farafangana; avy eo nisy vono olona, fisamborana ary fitazonana «garde à vue» izay tsy ara-dalàna raha miohatra amin'ny lalàna satria fampijaliana sy tsy fijerena ny hasina maha olombelona no nitranga. Tamin'izay fotoana izay, voatondro ho nahavita izany ny Polisy tao an-toerana. Nambaran'ny mpitondra sivily teny am-boalohany, fa milamina ny tanàna. Taty aoriana anefa rehefa niverimberenana dia hita ihany ny tena fizotrany.

Anisan'ny nanaovanay fanadihadiana koa ny mikasika ny Dinan'i Betsaboana any amin'ny Faritr'i SOFIA. Raha jerena avy etỳ ivelany, toa mety amin'ny mponina ihany ny fisiany satria voalaza fa milamina ny tanàna kanefa rehefa halalinina, betsaka ny tsy rariny sy ny famonoana ary fampijaliana olona tsy amin'antony izay tsy meloka akory. Misy olom-boafidy sy mpanao politika any an-toerana miaro mafy ny Dinan'i Betsaboana ary mitaky ny «homologation»-ny eny anivon'ny fitsarana.

Tsy mbola fantatra hoe inona no tokony hatao, fa ny fampitsaharana ny fampijaliana olona tsy misy fitsarana ka tonga hatrany amin'ny fahafatesana no tsy maintsy imasoana. Raisina ohatra amin'izany ny famonoana tsy ara-dalàna izay ataon'ny mpitandrofilaminana amin'ny toerana maromaro eto Madagasikara, toy ny tao Andalatanosy any Ambovobe-Androy; nisy olona voalaza fa nangalatra omby ary nosamborin'ny Zandary. Ampitson'ny fanadihadiana natao dia faty no hita tao amin'ny biraon'ny Zandarimaria.

Mitovitovy amin'izay ny tany Tsaratanana Faritra Betsiboka; lehilahy iray sy ny fianakaviana tompon'omby maro sy tanibe midadasika no nosamborina tsirairay; avy eo notifirina satria hoe saika hitsoaka, hono. Efa nampahafatarina ny Sekreteram-panjakana Miadidy ny Zandarimariam-pirenena ireny tranga ireny. Hita fa maro dia maro tokoa ny fitarainana voarainay, ahiana hisy Zandary any amin'ny tany lavitra andriana any voakarama hamono olona ho faty. Izany hoe, Zandary mitondra basy sy fitaovam-piadiana eo am-pelan-tànanany no entina manatanteraka «contrat» amin'olona manokana noho ny antony samihafa, ka manao izay hevitra hahafaty izay olona mifanandrina aminy.

Hiditra amin'ny famakafakana ny tenako; tsy fitanana an-tsoratra ihany no atao, fa mila mijery akaiky ny antony nahatonga ny fanararaotam-pahefana mitranga etsy sy eroa; na izany aza mbola misy fitantarana hataoko eto na zavatra tsy olana be toa ny teo aloha aza. Andriamatoa MANENJIKY Christopher izay mpampianatra teny Anglisy tao amin'ny CEG Ambodimanga any Maroantsetra, nanofa lakana hiampitan'ny olona mandeha amin'ny renirano hihazo ny lalam-pirenena; fantatsika fa ny lalan'i Maroantsetra tsy ahitana tetezana firy, na misy aza ny «bac» indraindray fa lakana no ahafahana miampita.

Naka «permis d'aviation» sy «assurance» ara-dalàna Andriamatoa MANENJIKY Christopher. Zavatra tsy fahita hatramin'izay ny tahaka izany, antsasaky ny tokony ho izy ny sarany raisiny mihoatra amin'ny ampihariny Ben'ny Tanàna ao Rantabe akaikin'i Maroantsetra. Raha heverina hisy fifaninana eo amin'ny lafiny ekenomika mitranga ao, namoronana resaka fikomiana ity rangahy resahana ity ka niafara tamin'ny fanagadrana azy.

Voatsara haingana ihany anefa izy noho ny ezaka nataon'ny CNIDH sy ny sampana any "Johannesburg"; na izany aza voasazy nandoa lamandy kely ny tenany ary novotsorana. Ny nampalahelo anefa, tsy nisy arakaraka natao tamin'ny Ben'ny Tanàna'i Rantabe. Tsy nisy onitra naloa tamin'ny fahavoazan'Andriamatoa MANENJIKY Christopher izany. Misy ny fanararaotam-pahefana izay miteraka fahavoazana ho an'ny olon-tsotra kanefa avy eo tsy misy ny «réparation» ho an'ny «victime» na sazy ho an'ny nahavanona ny fahavoazana. Anisan'ny fomba fanitsakitsahana zon'olombelona ny zavatra tahaka izany.

Misy olona na orinasa mitady tombotsoa manokana, ao ny manao kolikoly, eo koa ny olomboafidy toy ny Ben'ny Tanàna na Solombavambahoaka mihitsy aza, mety hisy Lehiben'ny Distrika na manam-pahefana manome baiko ny mpiasam-panjakana manana fitaovana ahafahana mampihorohoro olona, toy ny mpitandrofilaminana, ny Zandary sy ny Polisy ary ny Miaramila. Afaka manatona manam-pahefana isan-tsokajiny isika raha hanao fitarainana mikasika izany. Misy amin'izy ireny mampiasa fitaovam-piadiana mba hampitahorana na hamonoana olona tsy manan-tsiny, ao koa ny mpitsara mahasahy mampiditra am-ponja mihitsy ny olona toriana kanefa tsy meloka akory. Misy aza olona miteny aminy hoe: ampidiro am-ponja io azafady ary avy hatrany dia midoboka io olona io. Rehefa tsy afa-manaoatra intsony ny olona tompon-karena, toy ny tany, omby, volamena satria raha tafiditra am-ponja na maty izy dia malalaka avy hatrany ny lalana angalarana ny harenay.

Izay no hitanay fa fomba lehibe anitsakitsahana zon'olombelona.

Ny CNIDH tamin'iny taon-dasa iny dia lasa «mécanisme national de prévention de la torture». Izany hoe rafi-pirenena hisorohana ny fampijaliana. Lalàna laharana faha-2018-028 izay nametraka ny CNIDH tamin'ny toerana io volaza io. Ny lafiny anankiray amin'ny asan'ny CNIDH dia fanatsarana ny toe-piainan'ny olona migadra manaraka ny atao hoe fepetra «Nelson MANDELA».

Tamin'ny 23 Oktobra 2018 no nisy fiaraha-midinika nataon'ny CNIDH tamin'ny Minisiteran'ny Fitsarana sy ny Fiarahamonim-pirenena mba hikorohana ny fomba hanatsarana ny fiainan'ny gadra. Ny antony mahasarotra be ny fiainan'ny gadra dia maro loatra izy ireo na "surpopulation carcérale", izay efa noresahan'ny Filohan'ny Repoblika tato ho ato satria maro loatra no mbola tsy voatsara dia gadraina avy hatrany.

Izahay nahita tamin'ny toerana sasany, toy ny tany amin'ny fonjan'i Fianarantsoa izay, efa tonga hatramin'ny 80% ny gadra; tena olona efa mifanongoa tsy ohatran'olombelona intsony, mbola tsy voatsara akory izy ireo, fa ny 20% ihany no voatsara kanefa ny Lalàmpanorenantsika milaza fa ny "détention preventive est une exception". Sarotra be no mieritreritra hoe "exception" ve kanefa 80% dia "détention preventive" avokoa sady mbola tsy voatsara.

Raha fehezina satria efa madiva hifarana ny tatitra. Ny nahasamihafa ny taona 2018 iny raha miohatra amin'ny teo aloha dia ny nahazoan'ny CNIDH ny tetibolany. Efa nolaniahana tato amin'ny Antenimiera tamin'ny voalohandohan'ny taona 2017 kanefa tsy nety tafavoaka mihitsy izany nandritra ny taona 2017 iny, tamin'ny taona 2018 vao nivoaka. Noho izay fahazoana tetibola izay dia afaka nanao fanadihadiana misimisy kokoa izahay tany amin'ny Faritra nahafantarana ny zava-misy tany ivelan'ny Renivohitra. Nitombo ny isan'ny fitarainana voaray sy voavaly noho ny nahafahana nanangana ny "secretariat exécutif" sy ny "staff technique". Afaka nandray anjara koa ny CNIDH tamin'ny sehatra iraisam-pirenena ary nandoa latsakemboka tamin'ny «Association Francophone de la Commission Nationale des Droits de l'Homme», tamin'ny «Réseau des Institutions Nationales Africaines des Droits de l'Homme» ary tamin'ny «Alliance Mondiale des Institutions Nationales des Droits de l'Homme» ihany koa.

Raha fehezina, izany hoe aiza ho aiza ny CNIDH tamin'ny 2 taona niasana izay. Noho ny fitsidiham-paritra natao sy ny serasera tamin'ny «radio», televiziona, gazety dia mba fantatry ny vahoaka ny CNIDH ary nitombo hatrany ny fitarainana voaray.

Mitaky ezaka maharitra kosa ny fifampiraharaha amin'ny tomponandraikitra any amin'ny Faritra. Ohatra, ny mpitsara, ny mpitandrofilaminana, ny Lehiben'ny Distrika, izay indraindray no antony mampisy ny fanitsakitsahana zon'olombelona. Mila hamafisina araka izany ny fiaraha-miasa amin'ireo sehatra miandraikitra ny ady amin'ny kolikoly, toy ny BIANCO satria hita, fa misy ifandraisana akaiky foana ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona sy ny kolikoly. Hamafisina koa amin'ny Minisitera isan-tokony mba hisian'ny fifampitohizan'ny asa. Matetika ny ambaratonga atỳ ambony, ny Minisitera dia tsy mahafantatra izay mitranga marina any an-toerana, izay anefa no nipoiran'ny tsy maty manota na ny "impunité". Mila hamafisina koa ny fiaraha-miasa amin'ny Antenimiera. Voalaza ao anaty lalàna nanangana ny CNIDH tokoa, hovakiako amin'ny teny frantsay fa tsy hitako ny lalàna amin'ny teny Malagasy. "La CNIDH doit examiner les lois et les règlements en vigueur ainsi que les projets et propositions de loi et faire les observations appropriées en vue de garantir que ces textes soient conformes aux principes fondamentaux des droits de l'Homme. Recommander si nécessaire l'adoption d'une nouvelle législation, l'adaptation de la législation et de la réglementation en vigueur et si besoin leur modification».



Efa nisy ihany tamin'ny taona 2018 ny fiaraha-miasa teo anivon'ny vaomiera tato amin'ny Antenimiera nandiniana ny resaka fananan-tany.

Eo amin'ny lafiny fitakiana fanazavana avy amin'ny Governemanta; mila fiaraha-miasa amin'ny Antenimiera koa ny CNIDH. Mety lalana iray entina hitakiana onitra ho an'ny olona na Fokonolona izay niharan'ny fahavoazana noho ny tandrevaka na kolikoly na herisetra avy amin'ny mpiasam-panjakana izany. Ohatra amin'izany, ny zava-nitranga tany Antsakabary izay niarahantsika nahafantatra, hatramin'izao sady tsy tratra ny jiolahy namono an'ireo Polisy roalahy no tsy nisy tohiny ny fandorana tanàna tamin'ny Fokontany 5 sy ny fandorana trano miisa hatrany amin'ny 450 tany ho any izay nahaverezana tahirim-bary, ny diplaoma, ny kopia nahaterahana. Izany hoe, tena voamafy mihitsy ny fiainan'olona marobe tany Antsakabary kanefa ohatran'ny mipetraka fotsiny ny raharaha, tsy nisy zava-bitra na fanonerana ny very tamin'ny raharaha iny.

Mbola mamoha an'iny foana izahay, mbola tsy kivy fa tsy maintsy ary ho hita ny hanarenana an'ireny zavatra mampalahelo ireny.

Izay Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoaka, ny tatitra mikasika ny asa nataon'ny CNIDH tamin'ny taona 2018.

Misaotra anareo nihaino izay tatitra izay ary manantena ny fiaraha-miasa hatrany avy aminareo.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

- 4 -

**- Fametrahan-panontaniana nataon'ny Solombavambahoaka sy valiny avy amin'ny CNIDH-**

#### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Ramatoa Filoha, nanatanteraka an'izay tatitra izay.

Tompokolahy sy Tompokovavy, hiroso amin'ny fametrahana fanontaniana isika. Koa izay handray ny fitenenana, iangaviana mba hanangan-tànana handraisana ny anarany.

Ho fandaminantsika azy, atao fanontaniana roa aloha dia asaina mamaly ry zareo amin'izay mba tsy misy very.

#### **Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien**

Andriamatoa Filoha sy ianareo eny ambony; Ramatoa Filohan'ny CNIDH sy ianareo mpiaramiasa aminy ary ny Solombavambahoaka rehetra.

Mpanao gazety aho no lasa Solombavambahoaka. Matetika manaraka ny zava-misy eto amin'ny Firenena.

Rehefa miresaka an'ity aho, tsy sanatria hoe miaro ny mpitandrofilaminana Malagasy, fa ny zavatra hita ho an'izay milaza fa miaro ny zon'olombelona;

tamin'ny Zoma nifoha Sabotsy teo tany aminay, tany Ambositra, nisy olona iray mpampianatra novonoin'ny dahalo miisa 25.

Rehefa tonga tany ny Solombavamboaka, izaho izany; niaraka tamin'ny Lehiben'ny Distrika sy ny Lehiben'ny Faritra, niaraka tamin'ny Polisy dia namakafaka an'io famonoana io. Somary niteny tamin'ny Polisy izahay hoe: raha nenjehinareo ireo dahalo ireo dia tratra. Rehefa nandeha ny adihevitra, izao no nataon'ny "inspecteur de police" hoe ahoana no ahafahanay hanenjika an'ireo. Jereo ireny namanay ireny.

Nisy "force d'intervention" tany Ambohimahasoa. Nisy miaramilan'ny RFI izay nigadra ary tena navoaka tamin'ny fahitalavitra, 21 eo ho eo ny isany no nigadra. Raha eto ny Solombavamboakan'Ambohimahasoa, tena mahita fa dahalo mpanao "intervention" aty ambony aty tamin'ireo dahalo telo lahy novonoin'ny Miaramila ireo. Nisy koa polisy taty, nigadra dia navoaka tamin'ny fahitalavitra ihany koa iny ary ianareo mpiaro ny zon'olombelona no tena anisany niteny voalohany hoe: aiza ny zon'olombelona fa mamono vahoaka ny Polisy. Nihaino izay nolazainao teo aho ary hoy ianao hoe: misy tsy maty manota. Izany hoe raha ny Polisy na Zandary, ekeko fa tena misy tokoa ny manao fahadisoana. Ohatra ny tany Amborompotsy izao, nisy Zandary nanao fahadisoana dia nanaovana fanadihadiana ny tomponandraikitra. Ekeko fa niaro ny zon'olombelona tany Antsakabary ianareo, ekeko iny fa lasa manome vahana loatra ny dahalo; ny dahalo mpanao asa ratsy mamono olona satria mbola tsy nahita mihitsy aho na indray mandeha aza tamin'ny fahitalavitra hoe mba miaro vahoaka ianareo. Aiza ny zon'olombelona amin'ireny fa tena mampalahelo.

Ao Ambositra an-tampon-tanàna, olona 25 lahy mamono olona iray, fa tsy misy miteny mihitsy hoe aiza ny zon'olombelona. Mialatsiny. Izay no mba tiako resahina kely ary rehefa tonga eto koa ny Ministry ny Fiarovam-pirenena sy ny Sekreteram-panjakana dia hiteny aho hoe aza dia dradradraina loatra ity. Halina izao ny Sekreteram-panjakana mbola niteny fa misy Zandary nogadraina, lasa mampiakatra ny "morale" ny mpamono olona ireny satria dradradraina loatra.

Ekena ny miaro ny zon'olombelona, fa ireo dahalo namono olona tany Amborompotsy, nisy vehivavy bevohoka notrobarany antsy be ny kibony, navoakany teo ny zaza. Aiza ny zon'olombelona amin'izany. Ohatran'ny tsy mbola henoko tao amin'io tatitrareo io izany. Mbola tsy naheno aho na iray hoe miresaka dahalo ianareo, kanefa ianareo miresaka Polisy, Lehiben'ny Distrika ary mety ho Solombavamboaka koa tafiditra amin'izany.

Karazana fanamarihana ihany izay. Tsy manome vahana aho hoe aza saziana ny mpitandrofilaminana, fa any amin'ny 95% amin'ny asan'ny mpiaro ny zon'olombelona no mitsikera mpitandrofilaminana, fa ny ataon'ny dahalo mpamono olona tsy mba hitako mihitsy.

Misaotra Tompoko.

- Tehaka -

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha.

Omentsika hamaly aloha izy, fa mialohan'izay aleo omentsika toerana, Ramatoa Filoha, hamonjy ny namany mba ahafahany mamaly ny fanontaniana sa aleo izy eo ihany ve. Izay no tapaky ny Solombavamboaka, eo ihany izany ianao.

**Andriamatoa RANDRIANARIVELO Justin Abel**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Misaotra an-dRamatoa Filohan'ny CNIDH izay tonga eto sy ianareo mpiara-miasa aminy.

Tatitra mikasika ny zon'olombelona. Resaka "droits" izany izy ity. Raha mijery ny tatitra aho, tsy fantatro na entanin'ny "feeling" angamba, fa matetika ny zavatra misy ao anatin'ny tatitra dia karazana zavatra "physique". "Physique" daholo no nanaovanareo "intervention" ao anatin'ny mihatra amin'olona tsirairay. Matetika ny zavatra ohatran'io araka ny fahitanay azy, vokatry ny fanararaotana ny toe-javatra anankiray. Izay no mahatonga ny olona mety hiroso amin'ny fanitsakitsahana ny zo maha olona ny olona. Tsy azonareo CNIDH eritreretina ve raha ohatra tena mijery ny anton-javatra marina ianareo. Eto Madagasikara raha jerena, misy tsy fitoviana tanteraka, omeko ohatra amin'ny toerana ambanivohitra sy antanàn-dehibe ianareo. Misy "accès" marobe tapaka, ohatra ny lafiny fahasalamana, ny fampianarana, ny fiarovana ny maha olona araka ny efa noteneniko teo, ny fandriampahalemana. Tsy azo eritreretina ve raha mba mandeha lavidavitra kokoa hirosoana any amin'ny tena fampandrosoana. Tsy afaka manao "dénonciation" ny toe-javatra iray ve na mba miantso ny fanjakana miohatra amin'ny "accès de droits". Ohatra, misy tanàna na Kaominina maro lavitra andriana izay tapaka tanteraka, tsy ahitana marika akory an'izany zo maha olona izany.

Niteny ianao hoe mbola maro ny zaza Malagasy teraka kanefa mety tsy manana kopia akory mandrapahafatiny. Azoko ampitoviana amin'ny akoho amam-borona manomboka amin'ny fahaterahany ka hatramin'ny fahafatesany satria toerana lavitra dia lavitra izany toerana atao hoe Karatra izany, tsy misy fanajana ny zo maha olona mihitsy. Tsy azon'ny CNIDH eritreretina ve ny hisian'ny fitoviana mba ahafahan'ity Madagasikaratsika ity miara-mientana mba miteny ny toe-java-misy eto amintsika, fa tsy hanonona fotsiny hoe tranga manokana. Mialatsiny fa tena ilaina izany ary ankasitrananay ny ataonareo, fa ny tranga manokana dia mihoatra ny zava-misy amin'izay mba ho azo iankinana ianareo ary hotohanany Solombavambahoaka ny fisianareo. Ohatra ny te-hieritreritra izahay hoe mba jerena daholo ny zavatra rehetra satria ny fototry ny fahantrana dia ny "non accès aux droits" ho an'ny olombelona tsirairay, indrindra ny tsy fitoviana. Izaho tsy hilaza hoe ny olombelona eran'izao tontolo izao, fa farafaharatsiny ny zava-misy amintsika samy Malagasy mba hanatratrarana ny fandrosoana eto amin'ny firenena.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Misy manao satroka; omena azy ny fitenenana.

**Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Faly miarahaba antsika rehetra vahiny tonga manatrika eto.

Ny antony anaovako satroka, Andriamatoa Filoha, aleo ihany Ramatoa Filoha haka toerana hitambatra amin'ny namany satria tsy ho voavalin'izy irery ny fanontaniana izay apetrakay marobe, sao ho fanina eo izy ka lasa tsy ahafapo izahay amin'ny valin'ny fanontaniana.

**Andriamatoa FILOHA**

Mety amintsika ve izay, satria marobe ny mpiara-miasa miaraka amin-dRamatoa Filoha. Omentsika toerana izy mba ho feno tsara ny fanazavana. Mahazoa toerana ary ianao Ramatoa Filoha.

Omentsika fitenenana ny Solombavambahoaka ZAFINANDRO Perle Bien Aimée avy any Faradofay.

Vita izay, mamaly ny CNIDH.

**Ramatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba antsika rehetra manatrika ny fivoriana androany.

Misaotra manokana an-dRamatoa Filoha nanao tatitra ny zava-misy eto amintsika mikasika ny zon'olombelona.

Ialako tsiny fa izaho tsy hametraka fanontaniana, fa mifanohitra amin'izany. Tena tsindriako eo; isika rehetra izao dia samy mipetraka eto Madagasikara, mipetraka any ambanivohitra ny sasany, an-tampon-tanàna ny sasany. Tsy misy tsy mahafantatra an'ireny zavatra notanisain-dRamatoa Filoha teo ireny; na ny manam-pahefana aza manitsakitsaka ny madinika.

Niresaka ianareo teo hoe mangalatra tany dia mitory, tsy misy "raison valable", tonga dia mampigadra. Iainantsika amin'izao izany zavatra izany; tsy fantatro ny any aminareo; fa izaho, sahiko ny miteny ampahibemaso eto fa any aminay rehefa misy olona iray mahitahita, miteny hoe iny olona iny tsy azoazoko, tonga dia ampidirina am-ponja. Tonga dia any iny, mipetraka any ao anatin'ny 2 volana na 3 volana. Raha hotsaraina koa, mbola mahazo sazy mihantona.

Maro ny tsindry hazolena, maro ny zavatra atao mikasika ny vahoaka ary tena manitsakitsaka ny zon'olombelona mihitsy. Ny tiako ihaviana ary izay no angatahiko aminareo hoe oviana isika vao tena hametraka marina ny vahaolana matanjaka mba hampihena an'ireo zavatra ireo, sarotra ny tsy hampisy azy, fa mba hampihena azy.

Nisy namako Solombavambahoaka teo niresaka mikasika ny mpitandrofilaminanana. Marihiko eto koa, amporisihana mihitsy ianareo mikasika an'izay zavatra izay ary avoahinareo aminay hoe any koa misy Zandary, any koa misy Polisy, any misy Miaramila nogadraina rehefa manao ny tsy mety. Isika anie matahotra hiteny an'izany satria manelingelina. Olona manam-pahefana ireo olona ireo ary mifangaro amintsika isan'andro. Fantatsika ny zavatra ataon'izy ireo; na Polisy na Zandary na Miaramila na any amin'ny Tribonaly na ireo ambonimbony rehetra ireo, fantatsika ny zavatra ataon'izy ireo kanefa isika samy manana ny asantsika. Izaho tsy hiteny hoe aza avoaka amin'ny fahitalavitra na "radio" ny Zandary gadraina. Atoroy anay mihitsy ary mila fantatry ny vahoaka fa izao fitondrana izao efa niova, koa na iza na iza manitsaka lalàna dia tsy maintsy voasazy.

Raha tokony ho izy, tsy ireo Miaramila 25 ireo no ho any, ny ankabeazan'ireo tsy hita raha ny tena marina. Fantatsika tsara, rehefa eny an-dalana eny ka mahita Zandary, tonga dia miavonavona izy, mandositra ny olona madinika. Any ambanivohitra any aza tahaka ny mahita Zanahary izy ireo, fa na vazaha aza mbola azo angatahana vola.

Rehefa izy ireo no hitan'ny olona, mandositra any anaty ala any mihitsy satria matahotra kanefa tokony mifanohitra amin'izany. Miaro antsika no asan'ireo Zandary ireo. Ny tiako ihavina dia mba jerenareo izany ary tokony hitondra vahaolana koa ianareo; atolory anay ny mikasika an'ireo zavatra ireo. Ny olona alefa any am-ponja tsy nanao na inona na inona, maro anie izy ireo no alefa any am-ponja; ao anatin'ny herinandro na 10 andro, voatazona any ihany. Kapohina na atao inona, tsy fantatro kanefa olona tsy manan-tsiny. Inona no ataon'ireo tsy manan-tsiny rehefa mivoaka avy any. Rehefa afaka dia izay raha ohatra ka afaka, fa misy ny sasany any mandritra ny firy taona, tsy misy fitsarana hatramin'izao. Ny mahazo ny vahoaka madinika any ambanivohitra efa tsy resahina intsony. Izay zavatra izay efa ato anatin'ity tatitra ity, fa fiangaviana ny ahy hoe: omeo ny vahaolana hoe misy an'izao na misy an'izao, raha ohatra misy eritreritrareo.

Mitodika amin'ny lehiben'ny mpitandrofilaminana aho. Resaka kolikoly no resahiko satria amiko, tsara ny miresaka azy, apetraka daholo ny petadrindrina eran'ny birao, asiana soratra hoe ady amin'ny kolikoly, omena ny laharan'ny finday. Hitantsika fa tsy mandaitra izany hatramin'izao. Tokony hitady vahaolana hafa isika hoe inona no hataontsika mba hampihena ny kokikoly. Voalohany indrindra dia ny hampihenana ny fahantrana no laharam-pahamehana satria raha mahantra isika, tsy ho afaka mihitsy ny kolikoly.

Amaranako azy, mampahery anareo ary tohizo ny asanareo ary azafady mba manomeza vahaolana koa ianareo. Ento eo aminay dia handray an'izany izahay hekenay ny hanatanterahana azy.

Misaotra betsaka ary mahereza ianareo.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Ramatoa Solombavambahoaka.

Omentsika fitenenana amin'izay ianareo avy ao amin'ny CNIDH.

### **Ramatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny Fitenenana.

Hovaliako kely angamba ny fanontaniana roa voalohany teo ary avy eo ny namako mety afaka hanampy ihany koa.

Ny azoko lazaina, izahay tsy sanatrian'ny vava tsy hoe hiaro ny dahalo, fa ny entiko manome ohatra amin'izany dia ny tatitra nataonay mikasika ny tranga tany Antsakabary.

Ny zavatra nataonay voalohany indrindra dia niondrika am-panajana teo anatrehan'ny Polisy roa lahy namoy ny ainy satria olombelona ihany koa ny Polisy. Natao hiaro ny vahoaka ry zareo, kanefa ny mampalahelo raha matin'ny dahalo eo am-perin'asa izy ireo. Izany anefa tsy milaza hoe raha nanatona ny Talem-paritry ny Polisy-pirenena tany Mahajanga izahay ary nilaza taminay izy, fa ny antony nandefasana ireo Polisy 45 lahy tany Antsakabary ireo dia hisambotra ny olona nahavanon-doza ka nahafaty an'ireo Polisy roa lahy. Amin'ny isika miteny izao, roa taona sy tapany taty aoriana, mbola tsy nisy olona voasambotra tamin'ny nahafatesan'ireo Polisy lahy ireo.

Izay no tianay hotsipihana mafy hoe, tsy ny fandorana ny tranon'ny sivily aman-jatony akory no fomba ahazoana misambotra an'ireo dahalo namono Polisy satria ny olona tokony hanome "renseignement"-n'ny Polisy no lazaina hoe dahalo. Fahavalo ireny dahalo ireny, fa tsy ny Polisy tsy akory. Tsy voasambotra ireo olona ireo satria tsy misy fiaraha-miasa avy amin'ny vahoaka mba hisamboran'ny Polisy ny mpanao ratsy ka nahatonga azy ireo niteny hoe: hodorana ny tranonareo sy ny tahirim-barinareo ary ampandadizana ao anaty fotaka ny olon-dehibe ao an-tanàna. Aiza ny olona no handeha hanoro ny toerana izay tokony hisamborana ny dahalo amin'izany. Izany akory tsy sanatrian'ny vava ka handeha hitehaka izahay ary hilaza hoe tsara mihitsy ny namonoan'ny Polisy ny dahalo ary aiza no hidirana amin'izany; fa malahelo koa izahay; miteraka, mba vehivavy ihany koa, ka malahelo rehefa misy ny herisetra isan-karazany; ny famonoan'ny dahalo olona; mba voa mafy ihany koa izahay ary mahafantatra fa maharary izany. Tsy any mihitsy no izy, fa ny mpitandrofilaminana, ny mpitsara izay natao hiaro ny vahoaka, ka lasa izy indray no mampijaly ny vahoaka miaraka amin'ny malaso. Izay no hitanay fa tsy maintsy iadiana.

Misaotra indrindra ho an'izay manome hery anay amin'izay lafiny izay.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Ramatoa Filoha.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, sa mbola misy manan-kambara.

### **Andriamatoa RABETOKOTANY Mamy, Filoha Lefitry ny CNIDH**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Nisy fanontaniana nipetraka teo; raisiko ny tenin'ny Solombavambahoaka avy any Faradofay mikasika ny vahaolana sy ny soso-kevitra entinareo, fa tsy handeha hitanisa zavatra maromaro eto aho.

Izahay ato amin'ny fiarovana ny zon'olombelona dia navita fitsidihana fonja tamin'ny Faritra miisa 20 teto Madagasikara. Hitanay daholo ny tao anaty fonja; efa nitsikera izahay ary efa misy tatitra tonga any amin'Andriamatoa Minisitry tomponandraikitra voalohany, ny Minisiteran'ny Fitsarana sy ny Governemanta; ireny efa hitantsika ny taratra ary manomboka hita ny valiny ny «interpellation» natao.

Niteny izahay fa tsy voahaja ny zon'ny olona; misy marary ao, matory ambony "ciment" ireo olona ireo. Misy koa ny maty any am-ponja; na ny sakafon'ireo olona ireo, efa hitantsika ny valiny. Ny vahaolana avy aminay; izahay tsy niteny hoe mahavita azy, fa misy ihany vahaolana arosonay. Ny antony, nisy ny "interpellation" natao tamin'ireo tomponandraikitri-panjakana izay hita fa misongadina.

Ny vahaolana faharoa dia mikasika ny mpitandrofilaminana. Ny zavatra tsapa momba ny lalàna mifehy ny mpitandrofilaminana dia hita fa misy ny resaka "corporatisme". Rehefa misy Miaramila enjehina ohatra na misy Polisy enjehina, lasa tohana ny "procédure", avy eo misy ambony sy izay mety hatahorana; satria inona no antony, efa noteneninay hatrany izay zavatra izay. Marihana aloha, fa rehefa nihaona tamin'ny mpitandrofilaminana izahay dia nahazo kiana mahavaivay mihitsy hoe: ianareo mpiaro ny zon'olombelona izany no fahavalon'ny mpitandrofilaminana ary ianareo tsy miteny rehefa ny mpitandrofilaminana no misy fahavoazana.

Araka ny tenin-dRamatoa Filoha teo, tsy izay no izy, fa rehefa manohintohina ny aina na avy amin'iza na avy amin'iza dia mijoro ny mpiaro ny zon'olombelona.

Ny "autorisation de poursuite" no nokianinay ary raha apetraka foana ary manan-danja be io «autorisation de poursuite» io dia tsy hivoaka ny raharaha. Izay no nahatonga an'Antsakabary satria raha manontany ny mpitsara mpanao famotorana izahay ary efa tonga eto Antananarivo io raharaha io; manontany izahay hoe: aiza ho aiza no niafaran'io raharaha io; mandondona foana izahay hoe maninona no mbola tsy mivoaka foana ny "autorisation de poursuite"; mamaly ry zareo fa mbola miandry ny lehibe tomponandraikitra amin'izany. Ny vahaolana hitanay dia tokony hodinihana ny "autorisation de poursuite" satria manahirana. Misy tratra manao "flagrant"; izany hoe tokony hotsaraina eny amin'ny manam-pahefana avy hatrany ary hoentina eny amin'ny fitsarana. Eo indrindra no idiran'ny resaka fanjakana tan-dalàna izay tabatabaintsika rehetra. Raha azonao ny olona nanao ratsy, sambory ary ento any amin'ny fitsarana, tsarao izy ary omeo ny sazy tokony ho mendrika azy. Ny olona izay tena mampimenomenona ny olona, rehefa tonga eny amin'ny fitsarana dia votsotra ny olona meloka. Resaka hafa indray izay, ady amin'ny kolikoly izay zavatra izay. Efa resaka hafa izany. Raha ohatra isika miainga amin'ny "autorisation de poursuite", heverinay fa tokony hodinihana izay zavatra izay.

Farany izay tsy tokony hohadinoina, mbola handray fitenenana ny namako rehefa avy eo, ny fanajana ny "convention internationale" sy ny "traités internationaux" izay nosoniavin'i Madagasikara; aza hadinoina fa tsy entina amin'ny eritreritsika fotsiny izany satria i Madagasikara tsy mitoka-monina. Izany no mahatonga ny "commission" any ivelany, ny Firenena Mikambana mijery hoe: manaja ny zon'olombelona ve i Madagasikara sa tsia. Lasa tsy misy mijery ny "convention", ny "traités internationaux"; izay no hotrandrahana kanefa isika mitady hanao ny ady gasintsika. Ohatra, ny "traités internationaux" no manery antsika satria misy "récommandation"-n'ny Firenena mikambana tonga atỳ aminay CNIDH milaza hoe: ahoana ity ary tsy maintsy manaraka an'izany izahay. Izay no mahatonga ny fiaraha-miasantsika rehetra, fa rehefa misy lalàna hovaina, mihazakazaka mandeha atỳ aminareo izahay satria ianareo no mpanao lalàna, ianareo no iangavianay hoe aleo mba ovaina ity lalàna ity fa izany no mahatonga antsika mitohana amin'ny toe-javatra anankiray.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, an'Andriamatoa Filoha Lefitra isika tamin'ny famaliany ny fanontaniana teo.

Voavaly daholo izay ny fanontaniana telo voalohany.

Ireto indray no handray fitenenana manaraka: ny Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena RABENIRINA Jean Jacques, RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol ary ny fahatelo, RAVONTY Tam Teon Luc Urbain, Solombavambahoaka voafidy tao Sainte Marie.

Omena anao ny fitenenana, Andriamatoa Filoha Lefitra.

## **Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra.

Miarahaba an-dRamatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'olombelona na ny CNIDH sy ianareo mpiara-miasa aminy.

Sarotra tokoa ny miantso anareo Ramatoa Filoha sy ianareo mpiara-miasa aminy. Tena sarotra, ombako manana ny tenin'ny Solombavambahoaka avy ao Antanambao-Manampontsy teo izay nilaza fa raha ny zon'olombelona no resahana, matetika isika ohatran'ny hoe rehefa misy aina nafoy, naratra, fananana voatohintohina izay vao voaresaka ny zon'olombelona. Tsy tsikera akory no ataoko, fa "constat" ihany satria samy tomponandraikitra isika. Vao omaly aho no nijery fahitalavitra ary nahita fa zazavavy kely iray vao 16 taona monja, nisaraka ny rainy sy ny reniny; maherisetra raha ny fanarahako ny vaovao. Nisaraka izy mivady ary nanambady hafa ny reniny, nanaovan'ny raikeliny herisetra io zazavavy kely io ary indraindray aza mety naolany mihitsy.

Araka ny voalaza teo hoe isika nanao sonia an'ireo "conventions internationales" syireo "traités internationaux" betsaka ireo. Ohatra, raha tsy ilaza afa-tsy ny "accès à l'eau potable" isika, ny zo amin'ny fahalalan'ny fanomezana vaovao; ao anaty Lalàmpanorenantsika izany rehetra izany. Matetika tsy "constat" akory izany satria mifanampy isika ary matoa natao izao fihaonana izao dia hifanohana isika, hifanome hevitra isika mba ahafahantsika manatsara sy miady amin'ny tsy fanajana ny zon'olombelona. Koa raha hiteny ianareo hoe: misy volavolan-dalàna izay hitanareo fa tokony hovaina satria mety hitohana isika amin'ny resaka "procédure"; ekena izay ary mampirisika anareo izahay satria izahay mety tsy mahatsapa an'izay na koa noho ny adidy maro izay iandreketanay, mety tsy hita izany.

Ny zavatra mba tiako amin'ny toe-javatra tsy amoizana ain'olombelona dia mba milaza aminay ihany ianareo satria misy zavatra hafa, ohatra hoe ny fanolanana, ny "accès à l'eau potable", ny fahasalamana; tokony hiteny ihany ianareo.

Mikasika ny mpitandrofilaminana teo, izaho koa mba manao an'izay fanamarihana izay; mitovy amin'ny Solombavambahoakan'Ambositra teo na efa novalianao aza izy teo Andriamatoa Filoha Lefitra. Rehefa ny mpitandro filaminana no manao herisetra na mamono olona izay vao henon'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'olombelona na ny CNIDH, fa rehefa ny dahalo no mamono olona na mandoro tanànan'olona; Solombavambahoaka avy any ambanivohotra izahay izao ary miaina an'izany isan'andro ny vahoaka any ambany ravinkazo rehetra any kanefa tsy heno loatra ianareo. Mba tsy hisian'ny tsy fifankahazoana diso izay tsy eritreritrareo ary tsy izay no zavatra tianareo iaviana, fa tokony hiteny ianareo raha ny mpitandrofilaminana no manao herisetra satria lasa manana an'izay "perception" izay ny olona.

Mba ho fiaraha-miasantsika sy hifanampiantsika dia rehefa mba hitanareo taratra hoe misy toe-javatra na misy aina nafoy io na fananana na tsy fanajana ny zo fototra tsotra izao, mba mitenena ianareo fa tsy hoe rehefa nisy aina nafoy mba tsy hananan'ny olona eritreritra fa rehefa tonga ny mpitandrofilaminana dia maheno ihany koa ny dahalo. Hilaza ity farany fa mety tsy ho sahy hamono anay izy ireo satria efa niteny ianareo; tsy hoe miaro azy, fa izay no mety handraisany azy.



Farany, fantatra fa sarotra ny asanareo, tena sarotra izany satria isika mbola izao sehatra misy antsika amin'ny lafiny ara-tsosialy sy ara-ekonomika izao.

Mankahery anareo izahay ary izahay Solombavambahoaka dia vonona hifanome tãnana aminareo momba ny fanajana ny zon'olombelona. Ny iangaviana anareo, raha manana zavatra angatahana aminay ianareo vonona izahay ary ny fangatahanay aminareo kosa rehefa tranga tsy fanajana zon'olombelona, tokony tsy hitsahatra hiteny aminay ianareo. Ianao teo niteny hoe nitety fonja ary ireo olona voafonja ireo anie no iadianareo ny zony. Inona no tsinin'izany zazakely vao 16 taona izany, mba te-haheno aho hoe ny CNIDH no hiteny an'izay zavatra izay, fa any am-ponja ianareo no mihazakazaka kanefa ny olombelona tsy very zo aza... Marina fa manan-jo ihany koa ny voafonja, fa tsy hoe very zo tanteraka kanefa ny olombelona tsy manan-tsiny, misy herisetra mianjady aminy; izany zazavavy vao 16 taona izany ary tsy tranga manokana izany fa betsaka no hitantsika amin'ny fahitalavitra, amin'ny "facebook". Zavatra ohatran'izany, sanatria tsy hoe hampianatra anareo, sanatrian'ny vava izany fa fifanampiana ny antsika ary matoa natao izao fihaonana izao dia ahafahantsika mifanome hevitra, hifanampy mba ahafahantsika hiaro tokoa ny zon'ny mpiray firenena amintsika ary ho voaaro tokoa ny zony amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainany andavan'andro.

Misaotra Tompoko.

#### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao Andriamatoa Solombavambahoaka Filoha lefitra.

Omentsika fitenenana manaraka ny Solombavambahoaka RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol.

#### **Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Misaotra ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Misahana ny Zon'olombelona na ny CNIDH izahay.

Solombavambahoaka voafidy tao Befotaka Atsimo no mandray fitenenana.

Zavatra tena iainantsika eto Madagasikara mihitsy no voaresaka eto raha ny zon'olombelona no tenenina. Raha any Befotaka dia nahitana tranga nitovitovy tamin'izay, ny Zandary maty, ny Miaramila maty kanefa tsy misy feo avy taminareo CNIDH, fa nisy olona anankiray nampijalian'ny Miaramila izay vao nisy feo avy taminareo.

Hilaza soso-kevitra aho eto ary mankasitraka tamin'ny tatitra nataonareo. Ho ahy manokana dia tokony hisy fifandraisana amin'ireo "parties prenantes" rehetra izay voakasika amin'ny fametrahantsika amin'ny fiadiana ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona. Izany hoe ny Zandarimaria, ny olom-boafidy na ny "autorités locales", ny fitsarana, satria tsy hanome tsiny aho hoe iza no diso na marina, rehefa tsy mitaraina any aminareo ny Zandary "victime", tsy mitaraina any aminareo ny Miaramila "victime", fa ny olon-tsotra no mitaraina any aminareo. Rariny raha miteny ianareo. Ny ahy, izay no zavatra hitako hoe ireo "parties prenantes" ireo no ampidirina ao anatin'ireo dingana ireo mba hametrahantsika ny fijerena maharitra an'izay zon'olombelona izay.

Raha samy ampidirina ao izy ireo dia hisy fifandraisana matetika; hisy koa rantsa-mangaika avy aminareo mpiaro ny zon'olombelona mipetraka eny anivon'ny Distrika. Amin'izay fotoana izay, iarahana ny manao ny fampahalala ny tena zava-marina, fa tsy hoe avy amin'ny andaniny misy anareo ihany no manao "recouplement" ka tsy manao ny Zandarimaria ary rehefa misy amin'izay ny vaovao avoaka, lasa mifanome tsiny.

Izay no anentanako hoe tokony hisy fifampiresahana matetika amin'ny rafitra voakasik'izany amin'ireo tomponandraikitra isan'ambaratongany.

Tokony hisy ihany koa rantsa-mangaika isaky ny Distrika mba hisian'ny "recouplement" tena marina amin'ny vaovao mivoaka.

Izay no soso-kevitra avy aty amiko; tsy hoe isan-taona na isaky ny roa taona vao misy fifanakalozan-kevitra ohatran'izao, fa tokony hojerena akaiky hoe inona no zava-misy any ka mahatonga an'izao, inona marina no zava-misy. Amin'izay fotoana izay, tsy misy ny fifanomezan-tsiny, fa iarahana hoe, inona marina no zavatra misy eto amintsika.

Izay no manitikitika ahy tamin'ny tatitra teo.

Mankasitraka ary mankahery anareo. Tolona mbola lavitr'ezaka izy ity ary hisy fiantraikany amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara tokoa.

Misaotra Tompoko.

#### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omentsika fitenenana farany alohan'ny hamaliana fanontaniana ny Solombavambahoaka RAVONTY Tam Teon Luc Urbain.

#### **Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain**

Mankasitraka Andriamatoa Filoha. Ankasitrahana koa ianareo avy amin'ny CNIDH.

Izao ny ahy: ekena fa misy ny lalàna momba ny zon'olombelona, fa ny zavatra tena mampalahelo eto amin'ny tanintsika, misy ny manao fanahiniana manao ny tsy mety. Tsy voahaja intsony soatoavina ananantsika Malagasy amin'izay fotoana izay.

Maro ny resaka efa nataon'ny namana teo. Marina ireny ary homeko ohatra ianareo: raha misy fianakaviana iray miaro ny vokatry amboleny any an-tsaha, mpamboly lavanila no resahana eto. Vonoin'ny dahalo izy kanefa ireo dahalo ireo anie olona tsy tena bado any ambany be any, fa olona efa mpanao afera. Ny tantsaha mijaly, miezaka izy mba hampandroso ny firenena kanefa rehefa tafihin'ny dahalo izy ka maty ary mamaly faty ny fianakaviany; mbola izy indray no voarohirohy sy enjehina mikasika ny zon'olombelona.

Iarahantsika mahafantatra, fa any "Genève" araka ny noteneninareo teo no foiben'ny mpiaro ny zon'olombelona. Tokony hampanarahantsika amin'ny fahantrana misy eto amintsika koa ny resaka zon'olombelona mba hiarovantsika an'i Madagasikara. Raha mahavita an'izany lalàna izany ianareo, satria malahelo mafy izahay any amin'ny tany lavitra andriana tahaka an'i Sainte-Marie.

Ho an'i Madagasikara anie ny tombotsoa rehetra misy any amin'ny birao, fa any Sainte-Marie izay lavitry ny fanjakana, lazaina hoe manana "statut particulier", tsy misy tombontsoa tonga any mihitsy.

Tratranay izao ny mpitondra mandoto ny zanakay amin'ny resaka fivarotana zavamahadomelina; tratra ambodiombly izao izy dia avotsotra fotsiny rehefa tonga any amin'ny fitsarana. Gadraina telo volana izy dia avoaka kanefa ny olona manodinkodina volampanjakana misy firy tapitrisa, misy firy miliara, migadra dimy taona na fito taona fotsiny izy, mody mitaraina hoe marary kely zaho fa alefaso any ivelany satria arovana ny zon'olombelona.

Tena tsy rariny aminay aloha izany zavatra izany, fa tokony hovanoina mihitsy ireny olona ireny, ampiharina ny lalàna satria miezaka isika fitondrana Malagasy manentana ny tantsaha hoe: miasà, miasà; hiasa isika ary hampandroso ny firenentsika. Aiza ny zon'olombelona; ny tantsaha mamokatra indray no maty; mba rariny ve izany, fianakaviana iray manontolo. Mbola averiko ihany, fianakaviana iray manontolo; izahay izao mijaly, mandeha mamboly mba hampandrosoana ny firenena iombonana, kanefa maty fotsiny ny vahoakanay any antsaha. Rariny loatra izahay raha hamaly faty satria efa tsy miantra intsony. Tonga any amin'ny fitsarana, tsy manam-bola ny vahoaka any aminay avy eo avotsotra fotsiny ny mpanao ratsy satria eto Madagasikara, manan-katao izy ireo. Tsy aman-taonany akory izy no migadra dia avotsotra. Ahoana no ataonay, mihafy izahay mamboly ao anatin'ny folo taona kanefa tafihin-dry zareo, ka ahoana izahay no tsy hamaly faty.

Ny tiako tenenina, ekena ny fisian'ny fanajana ny zon'olombelona fa ampanaraho amin'ny soatoavintsika Malagasy, Tompoko. Izay ny ahy no angatahiko.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omentsika fitenenana ry zareo avy amin'ny CNIDH mba hamaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka sy fanamarihana ihany koa.

### **Andriamatoa RABETOKOTANY Mamy, Filoha Lefitry ny CNIDH**

Misaotra anao, Andriamatoa Filoha Lefitra, nanome ny fitenenana.

Voalohany, ny hanomboana azy dia ny an'Andriamatoa Filoha Lefitra avy any Toliara, niresaka mikasika hoe tokony hisandrahaka kokoa ny zavatra ataon'ny CNIDH.

Eny Tompoko, mandray zavatra hafa ihany koa ny CNIDH. Nisy nilaza teo mikasika ny harena an-kibon'ny tany izay misy fanosihosena zo ao anatin'ny.

Misy ihany koa resaka rano. Maro ny fitarainana tonga atỳ aminay, maro koa ny zavatra iantsoroanay mikasika an'izay, mikasika ny aina sy ny fiainan'olombelona... Mandeha amin'ny haino aman-jery izany saingy somary takona, fa maro no tonga ao aminay ary miantsehatra momba izany izahay.

Ny fanontaniana matetika miverina dia hoe aiza ny zon'ny mpitandrofilaminana fa tsy raharahian'ny mpiaro ny zon'olombelona. Ny mpitandrofilaminana mamono. Tena maharary anay ao amin'ny CNIDH tokoa ny zon'olombelona.

Misy maty amperin'asa na maratra amperin'asa; satria raha tsy misy ny mpitandrofilaminana dia tsy misy koa ny zon'olombelona. Hanao izay tiany atao ny fanaovana herisetra sy vono olona. Raha ataontsika hoe ao anatin'ny 48 ora fotsiny no tsy misy Zandary na tsy misy Miaramila, tsy misy Polisy, angamba tena fanitsakitsahana tsy azo eritreretina ny zava-misy eto Madagasikara malalantsika ity. Izahay ato amin'ny CNIDH dia manana foibe mijery an'izany. Izahay eto anivon'ny CNIDH dia tsy mbola nisy niteny mihitsy hoe nisy famonoana ankitsirano tamin'ny mpitandrofilaminana. Ny mahatonga anay manao fanadihadiana dia misy olona efa voasambotra ka novonoina. Ny tao Ampefiloha iny izao, olona efa lavo amin'ny tany dia notifirina teo amin'ny lohany.

Raha ohatra afaka mamono olona daholo izay rehetra manana basy na mpitandrofilaminana na tsy mpitandrofilaminana, loza mitatao ho an'ny firenena izany.

Raha hiverina kely tany amin'ny taona 2013 isika, teny Ankasina, nisy lehilahy nitondra vola 60 Tapitrisa Ariary nosamborin'ny GIR ary notifirin'izy ireo avy eo. Nalain'izy ireo ny vola nentin'io lehilahy nolazainy fa hoe dahalo io. Rehefa nandeha ny famotorana, niseho gazety fa hoe Polisin'ny GIR enin-dahy nidoboka am-ponja noho ny vono olona sy fandrohana.

Manarak'izany, teo Analakely, tamin'ny taona 2013 ihany, nisy olona nenjehin'ny GIR, nitsoaka tao anaty "taxi" ary avy dia notifirin'izy ireo avokoa ireo olona rehetra tao anaty "taxi" niaraka tamin'ny mpamily. Maty fotsiny ireo olona ireo vokatr'izany.

Ohatra koa, teo Antanimena, tamin'ny taona 2015, nisy olona efa tratra mbola notifirina teo imasom-bahoaka ihany. Maty fotsiny tamin'izao kanefa tokony tsy hohadinoina fa i Madagasikara efa nanafoana izany fanamelohana ho faty izany. Raha ny tranga teo Ampefiloha manokana, na ny Polisim-pirenena aza nanaiky fa nisy tsy fetezana ireny zavatra ireny, ka niala tsiny tamin'ny fianakavian'ny maty sy ny vahoaka Malagasy. Nanamarika ihany koa izy ireo, fa ny zavatra toy ireny dia tsy azo ekena ka mila andraisana fepetra. Nandray fepetra izy ireo ary velom-bolo izahay satria nisy tokoa ny ezaka nataon'ny fitondram-panjakana amin'izany fiarovana ny zon'olombelona izany. Misy koa milaza hoe: maninona izahay no tsy miteny raha misy mpitandrofilaminana maty. Malahelo tokoa izahay saingy tsy afaka ny hanao antso avo amin'ny jiolahy hoe mba kenakenao ny mpitandrofilaminana fa aza vonoina. Tsy hihaino anay izy, fa ny mpitandrofilaminana no azonay resahana satria izy ireo dia olona nandray fiofanana, mahafantatra ny asany, nofanina mikasika izany zon'olombelona izany. Izy ireo koa no fahefam-panjakana mampihatra ny Lalàmpanorenana, fiarovana ny zon'olombelona sy ny "déclaration universelle des droits de l'Homme". Niteny azy ireo izahay mba tsy ho rano atondraka an-damosin'ny gisa izany.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao Andriamatoa avy ao amin'ny CNIDH.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narison. Tokony efa hiomana koa Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee sy Andriamatoa MAMIHAJA Charlot.

## **Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana.

Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Mampikony ny tenako.

Tiako tsindriana kely mialohan'ny fanontaniana, fa toa lasa manalava ny fotoanantsika ity satria fanontaniana hafa no hapetrak'ireo Solombavambahoaka kanefa lasa ohatran'ny fanadiovan-tena amin'ny fanenjehana mpitandrofilaminana indray no valin-teny azo avy amin'ireo mpamaly fanontaniana.

Mikasika ity zon'olombelona ity, mitaky ny fisian'izy io aho kanefa tokony hojerena ihany izy ity mba hifanaraka amin'ny toe-javatra misy eto Madagasikara fa tsy ampitoviana amin'ny toerana izay nipoirany tany.

Manamafy ny voalazan'ny namana teo mikasika ny vahoaka ambanivohitra aho; tamin'ny Alatsinainy lasa teo, nisy fanafihan-dahalo nitranga tao Ambohobengy, Distrikan'i Tsaratanàna, nanomboka tamin'ny 5 ora hariva, mbola nisy masoandro ka hatramin'ny 6 ora maraina. Angonina eo amin'ny kianja malalaka ny vahoaka dia ataon'ny dahalo izay tiany atao. Vetavetain'izy ireo ny zaza tsy ampy taona ary ireo Ray aman-dReny taitra mahita izany avy dia tafiriny. Olona 6 no maty tamin'izany ary maraina ny andro izay izy ireo vao niala tao an-toerana. Aiza ho aiza isika mitsidika sy mitety fonja eran'i Madagasikara kanefa olona efa nanao heloka ny ankamaroan'ireny voafonja ireny. Vitsy ihany angamba ny endrikendrika. Ny tena betsaka dia raharaha madinika, fa tsy ny raharaha vaventy. Araka ny teny teo hoe izay manao "affaire" vaventy manao "éxcuse" ao amin'ny fonja dia mahazo mivoaka, anaovana "évacuation sanitaire" any ivelany satria manjaka ny "droits de l'Homme".

Maninona isika raha midina any ifotony, any amin'ny tany anjakan'ireny asan-dahalo ireny, mba ahaizantsika mandanjalanja hoe ahoana marina no hataontsika mikasika ny zon'olombelona. Ny zavatra hita dia mampirongatra ny tsy fandrihampahalemana ity zon'olombelona ity sy ny fanitsakitsahana azy any ambanivohitra. Ny antony mahatonga izany, raha nisy vahoaka madinika nanao ny marina ka nahafaty dahalo, vetivety ny mpitandrofilaminana dia tonga ary mampihatra ny "droits de l'Homme" kanefa raha ny dahalo no nahafaty ny vahoaka any ambanivohitra, hatramin'izao isika miteny izao, mbola tsy misy mpitandrofilaminana tonga any an-toerana voatafika nolazaiko teo satria tsy misy hampiharana ny "droits de l'Homme" any. Aiza ny fepetra tokony horaisintsika mikasika izany. Tena misy izany satria raha ny vahoaka no miantso mpitandrofilaminana fa nahafaty dahalo, vetivety izy ireo dia tonga kanefa raha miantso mpitandrofilaminana milaza hoe: nisy vahoaka matin'ny dahalo ato; tsy mihetsika izy ireo satria tsy misy hampiharana ny "droits de l'Homme". Amin'izao fotoana izao, raha ny zavatra hitako any amin'ny Distrika misy ahy, entina hanararaotana vahoaka madinika izay miaro ny ainy sy ny fananany ny "droits de l'Homme".

Nisy fanafihan-dahalo koa omaly, tao amin'ny Fokontany Ankisaompy, Distrikan'i Mampikony; antsoina ny mpiaro ny vahoaka madinika manomboka amin'ny 4 ora maraina mba hamonjy an'io Fokontany voatafika io; tsy nisy tonga. Rehefa niantso indray aho tamin'ny 2 ora sy sasany, atoandro, nanontany hoe efa tratra ve ireo dahalo ireo. Namaly ny Fokonolona fa maty ny telo tamin'ireo dahalo ary mila andefasana mpitandrofilaminana satria nisy naratra tamin'ireo vahoaka ireo. Vetivety dia tonga ireo mpitandrofilaminana rehefa naheno fa nisy dahalo maty. Fomba ahoana izany no hanatsarantsika azy ity satria toa lasa fialonkalofan'ny olon-dratsy ity "droits de l'Homme" ity.

Izaho tsy milaza fa mety dahalo ny ataon'ireo mpitandrofilaminana mamono dahalo. Tsy milaza ihany koa aho hoe tsy mety ny ataon'ny mpitandrofilaminana hoe: olona efa voasambotra izao mbola tafirina ihany. Raha tena hitady fampandrian-tany isika, rehefa voaporofa fa tena olon-dratsy marina ny olona voatifitry ny mpitandrofilaminana, tsy tokony henjehina amin'ny “droits de l’Homme” izy na tamin'ny fomba ahoana no namonoany azy. Rehefa voaporofa fa tena namono olona ny olon-dratsy tratrany tany ambanivohitra tany, fa tsy any anaty biraony akory izy no namono olona dia tsy tokony henjehina intsony izy. Izany no hitako fa hevitra ahafahana mampandry tany. Raha tsy voaporofa kosa araka ny voalazanareo teo hoe: noho ny fitakiana karama no namonoana olona ohatra, zavatra hafa izay. Matetika ny zavatra hita, raha misy dahalo tratra ambodiomby sy voaporofa fa nifampitifitra tamin'ny mpitandrofilaminana, misy koa ny azo sambobelona. Nisy naratra anefa tamin'ireo mpitandrofilaminana ireo ka noho ny hafanam-po be loatra, mbola notifirin'izy ireo ny dahalo efa tratra na efa voafatotra aza. Tokony tsy henjehin'ny “droits de l’Homme” izy ireo amin'izay. Ny mampalahelo, lasa ny zavatra entina iarovan-tena indray no enjehin'ny “droits de l’Homme”. Firy amin'ireny hitantsika amin'ny “facebook” ireny, misy olona vonoin'ny mpangalatra lavanila kanefa tsy misy fepetra raisin'ny fitondram-panjakana sy ny mpiaro ny “droits de l’Homme”. Raha ny vahoaka anefa no nahafaty mpangalatra lavanila, entina lavitra ny raharaha ary tsy avela raha tsy lany ny volany. Noho izany, mangataka aho mba hojerena izay zavatra mifandanjalanja amintsika eto Madagasikara mikasika ny fampiharana ity “droits de l’Homme” ity satria lasa mapanjaka ny mpanao ratsy izany. Izay no zavatra hitako raha any amin'ny Distrika misy ahy.

Farany, mikasika ny Dinan'i Besaboa izay voatonona teo; tafiditra ao anatin'io izahay. Io Besaboa io no ahodina amoahana ny Dina. Tsy marina ny hoe: olona tsy nangalatra no ampijaliana. Fokonolona an-tapitrisa no mandeha misambotra io olona voampanga na tratra ambodiomby io, fa tsy olona iray akory. Io olona ampijaliana io dia olona tratra nangalatra akoho na gisa. Izay fampijaliana izay no atao hoe atalonivontsina satria izy tsy mety manondro ireo namany mba hanaporofa sy ahafantarana ireo tena olon-dratsy eo amin'ny tanàna saingy ahodin'ny fanjakana eny ifotony izany satria ny toerana misy an'i Besaboa, tsy ahitana halabotry izany. Izay no mahatonga ireo Zandary mangataka “affectation” hiala tany satria tsy ahitana kolikoly any Besaboa. Tsara raha mazava amin'ireo mpiaro ny zon'olombelona izany. Ny fanjakana any ifotony tsy tia an'io Besaboa io mihitsy satria nahafahana ny halatra izy ka nahodin'izy ireo ho fampijaliana olona sy famonoana olona amin'ny zavatra tsy rariny. Tiako mba hojerenareo ny mikasika io Dina io satria raha mbola toy izao ny fandraisantsika an-tànana ny “droits de l’Homme”, tsy ho foana ny asan-dahalo satria tsy mahazo fahefana malalaka ny vahoaka hiaro ny tenany sy ny fananany.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Mbola misy 9 ny Solombavambahoaka handray fitenenana, koa ezahana mba fintinina ny zavatra tokony hambara.

Mandray fitenenana manaraka Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee

**Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Misaotra antsika Solombavambahoaka namana ihany koa ary mankasitraka anareo avy amin'ny CNIDH tamin'ny fampafahantarana.

Raha ny fomba fijeriko manokana aloha, tsy tokony hisy olona hanan-jo hamono olona izany na Miaramila na dahalo na sivily; tsy tokony ho afaka hamono olona izany mihitsy na nanao ratsy na tsia ny olona iray. Noho izany, tsy tokony hiady hevitra isika hoe aleo hovanoina ny dahalo na ny Miaramila avela hamono dahalo satria ny Miaramila efa natao hiaro ny zon'ny olona amin'ny asan-dahalo. Raha toa tsy tanterany izany, izy no tsy nanao ny asany tsara fa tsy tokony hisy olona avela hamono olona hafa.

Mikasika ny CNIDH manokana, tsoriko aminareo fa androany aho vao nahafantatra izany ary hitako ny lesoka satria efa olana sahady ny fampahafantarana anareo sy ny asa ataonareo. Amin'ny maha Solombavambahoaka ahy, maro ny fitarainana tonga atỳ amiko ary tsy hitako intsony izay anaovana ireo fitarainana ireo. Faly aho ankehitriny mahita anareo satria afaka entiko any aminareo ireo fitarainana tonga atỳ amiko. Mikasika ny mpitandrofilaminana no ankamaroan'ireo fitarainana tonga azoko ireo ary ialako tsiny amin'ireo mpitandrofilaminana izany satria misy amin'izy ireo no tena manitsakitsaka zon'olombelona, toy ny fitazonana olona ela loatra amin'ny "garde à vue" tsy ara-drariny.

Any aminay izao, misy toerana iray ao amin'ny Kaominina natao fiantsenan'ireo Zandary ireo fotsiny. Ireo zandary izay nafindra toerana any dia tsy maintsy manana "moto" iray avy rehefa miverina tany. Hitako tsy mety izany zavatra izany saingy tsy haiko hoe iza no hatonina.

Farany, mikasika ny fahefana omena ny CNIDH; hatraiza no tena fetrany raha oharina amin'ireo "conventions internationales". Mahita aho fa tsy ampy ny antsika ary ianareo koa tsy hita miresaka loatra. Efa hitako matetika amin'ny televiziona ihany ianareo, indrindra Ramatoa Filoha saingy tsy toy ny fanaon'ireo "Commission" any ivelany ny eto amintsika. Inona no tokony hanamafisana amin'ny fahefana anananareo sa efa misy ve fa izahay no tsy maharaka.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omena fitenenana ny Solombavambahoaka MAMIHAJA Charlot.

**Andriamatoa MAMIHAJA Charlot**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo avy amin'ny CNIDH.

Mikasika ny resaka Raleva teo, zavatra nisy marina izany, Andriamatoa Filoha. Mampalahelo amin'izao fa mbola ao ny "traque", mbola maloto ny rano fisotro ary ny Lehiben'ny Distrika tamin'izany mbola ao ihany.

Isaorana ianareo ary mino aho, fa avy aminareo CNIDH no nanome ny “prime” 2 Tapitrisa Ariary an-dRaleva ho fisaorana azy tamin’ny fijoroany tamin’ny fiarovana ny zon’olombelona. Ny mahagaga, tsy ho lasa lavitra isika raha tsy omena fahefana misimisy kokoa, Andriamatoa Filoha, ireto CNIDH ireto. Zavatra hita tany aminay izao ireo sary nalefa tamin’ny sehatra iraisam-pirenena teo ireo. Mbola matahotra anefa Raleva amin’izao fotoana izao rehefa mahita fiara mandalo noho ny fahatahorany ny Lehiben’ny Distrika. Matahotra izy rehefa mahita Sinoa satria efa nogadraina. Ireo Sinoa ireo anefa amin’izao mbola mitrandraka volamena ao ihany ary nitombo 15 ny toerana itrandrahany ao Mananjary ary maloto hatrany amin’ny 80% ny rano fisotron’ny olona any aminay.

Mitodika amin’ny CNIDH aho; mankasitraka ny fomba fiasanareo aloha aho hatreto. Efa nambarako teo, fa tokony isika mpanao lalàna no hanome fahefana misimisy kokoa azy ireo. Inona no manakana antsika raha asiana fitsarana manokana eto Madagasikara hitsarana ireo manitsakitsaka ity zon’olombelona ity, mitovy amin’ny “pôle anti-corruption” misy ankehitriny mba tsy ho lasa resabe fotsiny ity fiarovana ny zon’olombelona ity.

Soso-kevitra ho anareo ao amin’ny CNIDH, mino aho fa raha misy ny “institution” tian’ny vahoaka Malagasy aleha dia ianareo saingy tsy ampy ny fahafantaran’ny olona anareo. Solombavambahoaka aho ary mpiserasera tao amin’ny “Communication” kanefa ato amin’ity taratasy ity aho vao mahafantatra ny adiresy misy anareo, ny adiresy “Email” sy ny fomba ahafahana mifandray aminareo. Noho izany, tokony hasiana ratsamangaikan’izy ireo, Andriamatoa Filoha, isaky ny Faritany. Hanao ny tetibola isika amin’ity taona ity, hita tokoa fa tena manify dia manify raha ny tetibola omena ny CNIDH, mino aho fa hanaiky izany izy ireo. Isika mitaky zavatra tsara avy amin’izy ireo, ka tokony mba hanolotra zavatra koa isika mpanao lalàna amin’ny alalan’ny fampitomboana ny tetibolan’izy ireo mba ahafahany mijery tsirairay ny zavatra takiantsika Solombavambahoaka sy mba ahafahany manao fidinana ifotony. Tokony hisy fanentanana hataonareo ihany koa isan-taona na isaky ny renivohi-paritany mba ahafantaran’ireo vahoaka ny atao hoe “droits de l’Homme”. Misy tomponandraikitra sy olom-boafidy koa aza tsy mahalala izany atao hoe “droits de l’Homme” izany.

Voalohany, natao teny frantsay izany ka tsy fantany. Faharoa, raha itenenanao izy hoe zon’olombelona, mbola tsy fantany hoe inona avy no zo mahaolona azy.

Amafisiko ny tenin’ny Solombavambahoaka namana teo mikasika ny fahazoana karapanondro.

Mahagaga eto amintsika fa mandeha ny “opération” karapanondro. Rehefa vita izany, mbola mandeha misoratra anarana mitokana ihany koa miditra ao anaty lisi-pifidianana. Angatahiko amin’ny CNIDH io zavatra io mba horeaisiny an-tànana satria ny olona nahazo karapanondro, tsy maintsy tafiditra ao amin’ny lisi-pifidianana. Vonona hifanome tànana aminareo amin’izany izahay Solombavambahoaka.

Raha misy lafiny ara-tetibola, ao anatiny isika izao.

Samy manana ny hanitra ho azy ianareo ireo raha jerena satria ny “Commissaire” ao aminareo Andriamatoa RANADIALISON Angelo izao dia «Directeur de l’Ethique et Discipline» eo anivon’ny CSM eto Madagasikara. Ramatoa RAVAO Georgine, raha tsy diso aho, mpanao gazety fanta-daza tao amin’ny televiziona Malagasy. Ao ihany koa Andriamatoa RABETOKOTANY Mamy, mpanao gazety mbola amperin’asa. Ny tiako ambara, mba asio fandaharana na indray isaky ny herinandro fotsiny aza ao amin’ny televiziona Malagasy. Tsy maninona na 15 minitra fotsiny. Toy izany koa, ao amin’ny “radio”, mba hanentanana ny



olona sy hampahafantarana ary hampianarana azy manomboka amin'ny abidy momba ny atao hoe zon'olombelona. Rehefa voahitsaka ny zon'ny olona iray, inona no tokony hataony. Tokony hamafisina ny fahefana omena azy ireo, Andriamatoa Filoha, amin'ny alalan'ny "suivi" satria raha raisiko ohatra izao ny raharaha mikasika an-dRaleva teo; ny vondrona iraisam-pirenena izao mihevitra fa efa milamina tsara Raleva kanefa amin'izao fotoana izao na ny feon'ireny fiara ireny aza lasa atahorany satria sao dia Lehiben'ny Distrika no ao anatin'izany fiara mandalo izany. Heverin'ny maro fa ny Lehiben'ny Distrika no nametraka fitoriana kanefa nisy fitaka maromaro tao, ka lasa matahotra ny olona hijoro hiaro ny zon'olombelona satria ny mpiasam-panjakana manao fanaparam-pahefana, tsy mba voakitika akory.

Manamafy aho, Andriamatoa Filoha, fa ao anatin'ny fandrafetana tetibolam-panjakana isika izao. Raha misy "institution" tokony hovelarina malalaka kokoa, tokony hanana ratsamangaika isaky ny Kaominina ireto mpiaro ny zon'olombelona ireto satria izahay avy any ambanivohitra no tena mijaly amin'ity tsy fanajana zon'olombelona ity na avy amin'ny Zandary izany na avy amin'ny Polisy na avy amin'ireo manam-pahefana sy ireo olomboatendry. Eny fa na amin'ny endriny maro samihafa any amin'ny lafiny fitsarana aza. Hiteny ohatra iray fotsiny aho, mba angatahanay ny hanomezana "sécurité" maimaim-poana satria raha any Mananjary izao, rehefa miantso mpitandrofilaminana ianao hisambotra olona nanao "agression" taminao, mandoa "indemnité par jour" manomboka izy niala tao amin'ny birao mandrapiveriny any amin'ny biraony indray. Raha tsy manana vola andoavana "indemnité" ho an'ny mpitandrofilaminana izany ny olona dia vita ho azy. Mbola vidin'ny vahoaka Malagasy efa mahantra ihany koa izany ny "sécurité" ho azy.

Mahafaoka betsaka mikasika ny zon'olombelona angamba izay zavatra izay, ka angatahiko ny hamelarana misimisy kokoa ny fahefana ananan'ny CNIDH satria raha mamaky ity seha-pahefana ity aho, hitako fa toa sarisary ihany aloha hatreto, fa mbola tsy afaka mivelatra ianareo. Raha ampiakarina anefa ny tetibolan'izy ireo, mino aho fa hisy vokatra tena tsara azo avy aminy.

Misaotra Tompoko

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omena fitenenana ianareo avy ao amin'ny CNIDH.

### **Ramatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Hotsindriako kely angamba ny voalaza farany teo.

Isaorako indrindra ny Solombavambahoaka voafidy tao Mananjary satria marina tokoa fa mbola tsy nivoaka mihitsy io fitrandrahana volamena ataon'ny Sinoa ao Vohilava io; efa niresaka matetika ary efa nanoratra tamin'ny Minisitry ny Atitany aho mikasika ny fototr'io olana ao io saingy tsy mety mandray "sanction" izy na mba manao fanadihadiana mikasika ny fahamarinan'ny zavatra voalazanay. Tsara ho fantatra koa, fa efa nametraka fitarainana tany amin'ny "bureau des doléances" any amin'ny Filohampirenena izy ireo.

Mikasika ny tetibolanay; marina tokoa fa mbola tsy ampy ny fampahafantarana ny fomba ahafahana miaro ny zon'ny vahoaka. Efa nieritreritra ny hanao «mise en place d'un antenne régional» ihany izahay ary efa nahazo «conformité prioritaire» tany amin'ny Minisiteran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola. Ny angatahanay amin'izao dia ny hanohanana Antanimierampirenena anay rehefa mandalo eto ny tetibola mba hahafahanay mametaka ireo «antenne régional» ireo.

Misaotra Tompoko.

### **Ramatoa RAKOTOZAFY Armandine, Kaomisera ao amin'ny CNIDH**

Miarahaba antsika Solombavambahoaka rehetra ary manantitra fisaorana amin'ireo Solombavambahoaka nankasitraka ny asa vitanay.

Miverina matetika ny hoe: mpiaro dahalo izahay. Rehefa mitety an'ity Madagasikara ity izahay, izany no feo henonay na avy amin'ny vahoaka izany na avy amin'ny mpitondra. Ny avalinay izany dia hoe: izahay ve tsy zanaka Malagasy sa tsy Malagasy.

Tsy vitan'izay fa nialotra ny fiarovana ny zon'olombelona koa. Ao anatin'izay zon'olombelona izay, ny zon'ny rehetra dia tokony harovana, tsy misy fanavakavahana. Noho ny rafitra eto amintsika, mbola tsy tonga amin'izay fanajana tanteraka ny zon'olombelona izay isika ka izany no mahatonga antsika somary manome tsiny ny mpiaro ny zon'olombelona hoe miaro dahalo. Tsy misy olona hankasitraka vono olona izany. Araka ny noresahan'ny Solombavambahoakan'i Sainte Marie hoe nilofo, niasatra nandritra ny firy taona vao mahavokatra lavanila dia tafihina, vonoina fotsiny amin'izao. Alefa any amin'ny tribonaly ny mpanao ratsy, toa ohatra ny vetivety dia hita miriaria eny amin'ny fiaraha-monina indray. Tsy misy olona hankasitraka an'izany. Ny hetahetanay dia tsy izahay ato amin'ny CNIDH irery no tokony hiady amin'ity fiarovana ny zon'olombelona ity, fa isika rehetra indrindra ianareo olom-boafidy izay mahafantatra ny farany kely indrindra amin'ny toerana misy antsika tsirairay avy any. Raha mifanome tãnana isika, miara-misalahy isika na tsy ho rava ny tsy fanajana ny zon'olombelona, ataoko fa mba hisy firosoana bebe kokoa amin'ny fiarovana izany.

Ny fanamarihana faharoa teo dia hoe: mba jereonareo ny zava-misy sy fomba amam-panaontsika Malagasy. Ny fiarovana ny zon'olombelona anie tsy manitsakitsaka ny zava-misy sy ny fomba amam-panao amin'ny firenena iray, fa vao maika manamafy an'izay fomba amam-panao isaky ny firenena sy faritra tsirairay avy izay. Izany no zava-misy amin'ny fiarovana ny zon'olombelona, fa ny tsy ampy angamba, nisy fotoana tamin'ireo Solombavambahoaka taloha; tonga teto izahay nitondra «document» matevina, nandrafitra ny fiaraha-miasan'ity Vaomieram-pirenena ity sy ny Solombavambahoaka. Lasan'ny namana teo aloha izay “document” izay. Ny «Haut Commissariat des Nations Unies aux Droits de l'Homme» no niara-niasa taminay namoaka an'izay ary mbola iangaviana ry zareo hoe haverina ho an'ireo Sombavambahoaka vaovao izay tsy nanana an'izany io zavatra io. Ireo Solombavambahoaka mbola tafaverina eto noho ny fitiavan'ny vahoaka azy, ataoko fa manana an'izay “document” izay. Somary mba avadibadiho kely ry Solombavambahoaka namana izay “document” izay raha mbola any aminareo.

Farany, tsy izaho no tokony hamarana azy, fa eo ny Filohanay sy ny Filoha Lefitra. Ny angatahana dia ankasitrahana sahady ny fahatsapahanareo hoe tsy afaka mihetsika izahay amin'izay omen'ny fanjakana anay ary mbola nomeny ny lalàna laharana faha-2018-028 mikasika ny «mécanisme» hisahana ny fiarovana ny herisetra. Ao anatin'izany herisetra izany ny fampijaliana ny vehivavy, ny fanolanana atao amin'ny zaza tsy ampy taona sy ampy taona. Any amin'ny firenen-kafa, manana tetibola manokana io «mécanisme» io, fa eto amintsika kosa mbola tsy manana an'izany. Nangataka izahay kanefa ohatra ny mbola tsy nisy vokany. Tsy vitanay irery, Tompoko, ity na CNIDH aza izahay ary entinay manamafy ny fampahafantarana ny vahoaka ny atao hoe zon'olombelona; satria ny sasantsasany tamin'ireny resaka sy fanontaniana napetraka teo ireny, ohatra ny misy tsy mahavoafehy loatra ny atao hoe zo na «accès aux droits». Betsaka ny zavatra ao anatiny; koa mankasitraka sahady ny fanohanana hataonareo ary hanampianareo ny tetibola hoentinay manatanteraka ny fiarovana ny zon'olombelona.

Misaotra Tompokolahy.

Misaotra Tompokovavy.

### **Ramatoa MATAVIMANA Ravao Georgine, Kaomisera ao amin'ny CNIDH**

Miarahaba antsika rehetra ary manao azafady ho an'Andriamatoa Solombavambahoaka nanangan-tànana teo, fa mbola misy teny kely tohizana amin'iny resaka nataon'ny namana.

Voateny teo ny anarako sy ny «titre» entin'ny tenako hoe: raha mbola zaza izahay, efa nalaza sahady ianao tamin'izay. Tsy hoe nalaza ohatra ny inona, fa henoko voatonona tamin'ny “radio” ny anarako; heno ny anarana fa tsy malaza izany.

Iray izay.

Faharoa, mikasika ny fifandraisana; efa miezaka izahay manao an'izany. Raha manaraka ianareo, mandefa fandaharana indroa isam-bolana izahay, ny Alatsinainy atoandro ary misy famerenana ny Zoma; ao amin'ny TVM no ahitana izany. Efa maro ny mahalala azy ary miantso anay hoe: mba mandehana atỳ aminay ianareo hanao fanadihadiana. Aiza ve ka any Atsimo-Atsinanana foana no andehananareo isan'andro. Efa misy izany. Raha ohatra ka ny alina no tiantsika andefasana azy, hangataka amin'ny lehiben'ny TVM isika hoe ataovy amin'ny alina ny fandaharana fa aza atao amin'ny atoandro satria maro no tsy mody ny atoandro; maro no tsy manana televiziona any amin'ny toeram-piasana any. Ny «radio» efa natao ary mbola eo ampikarakarana azy izahay amin'izao, ny efa nifanarahana dia halefa amin'ny radiom-paritra izany raha vita ny «clause» miaraka amin'ny ORTM; fa ny radiom-paritra dia mbola misy fomba atao satria ny radiom-paritra tsy maimaim-poana. Mamelontena sy mitady vola koa izy ary ny volanay araka ny voalaza teo hoe tsy ampy ka tokony hampianareo.

Hamaranako azy, mikasika ny hoe: ianareo rehefa itarainan'ny olona, manao «interpellation» fotsiny dia mijanona eo. Maro ny efa vitanay. Efa notanisain'ny namako teo daholo izany. Mbola hiverina kely any Atsimo-Atsinanana satria nisy vokatra azo tsapain-tànana ihany tamin'ny «violence policière» niseho tany. Nisy Polisy efa nahazo sazy ary nisy koa olona notazonina an-keriny, tsy vita fanadihadiana. Ny CNIDH no nanao «intervention» ka nahazo «liberté provisoire» ry zareo amin'izao mandrapitsarana azy satria lava loatra ny fotoana nipetrahanany tany am-ponja.

Ny angatahanay, raha ohatra ka lalàna izany, tokony hasiana lalàna mba tsy hafangaro ny tsy vita fitsarana sy ny efa meloka. Ny zavatra tsapa, na ny olona mbola tsy voatsara na ny namono olona na olona voaendrikendrika, ohatra olona nangalatra akoho dia samy miaraka ao daholo. Marina fa ny tomponandraikitra ny fonja miteny hoe omeo vola hanitarana ny fonja izahay. Marina izany, tsy izay loatra no vahaolana, fa ny fanafainganana ny fitsarana an'ireny olona ireny mba tsy hahafeno ny fonja.

Fehiny, mangataka satria efa miara-niasa ihany isika roa tonta; mangataka anareo mba hanatona anay hijerenay hoe inona no olona misy any ifotony. Efa nisy programanay handeha any Befotaka, saingy tsy afaka izahay satria fotaka be tokoa any. Koa miangavy ny Solombavambahoakan'i Befotaka mba hanatona anay rehefa avy eo hijery hoe azo atao ve sa tsia izay dia izay.

Ho an'i Mananjary, efa natao ny fanentanana tany fa mety mbola ho avy any Betroka koa ny fanaovana izany. Izay anambarako fa misy fitohizana io asanay io

Vao iray volana angamba izay, ny Filohanay, ny tenako ary ny Kaomisera RAKOTONIRINA Andriamanana no nandeha tany amin'ny Minisiteran'ny Atitany. Niteny ny Filohanay tamin'izay hoe: manao ahoana ny raharahamomba an-dRaleva tany Mananjary. Tadidiko tsara ny valin-tenin'ny Minisitry ny Atitany hoe: raha mahita porofo ianareo hoe mbola mitrandraka ao io Sinoa mandoto, mampijaly vahoaka io dia omeo anay izany. Mety isika raha miaraka mandeha any Vohilava, maka sary ary ianao Solombavambahoaka koa afaka miaraka aminay manao fitarainana any amin'ny Minisiteran'ny Atitany.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra antsika ao amin'ny CNIDH.

Manomboka indray ny Solombavambahoaka telo manaraka handray fitenenana, Andriamatoa Augustin RANDRIANASOLO, Andriamatoa Seth RAJOELINA avy ao Fianarantsoa ary Andriamatoa EDIZAR, voafidy tao Vohemar.

### **Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin**

Miarahaba anareo vahiny, Tompoko.

Ombako manana ny teny nataonareo nandray fitenenana taloha, fa hofintiniko ny ahy mba tsy ho lava loatra.

Voateny teo ny mikasika ny Miaramila, Polisy ary Zandary, ohatra ny hoe tsy miaro an'ireny ianareo fa mandentika.

Soso-kevitra no entiko. Marina tokoa ny voateny teo hoe mampihena ny sandam-pahavitrihan'ny Miaramila mandeha manao «mission» ny fisian'ny CNIDH satria isaky ny misy an'izany asa izany, mieritreritra foana izy ireo hoe izaho ihany no higadra amin'ity; izaho tsy higadra mihitsy rehefa tsy manao «mission» na mandeha mankany na tapitra aza ny folo andro, tsy misy tatitra hoentina mody, tsy olana. Raha misy vokatra ka hafahafa izany, higadra foana izy ireo. Jereo ihany aloha izay.

Ny soso-kevitra ahafahana mampihena an'izany dia ireto: voalohany, misy tokoa ny fitsarana ao amin'io CNIDH io; «droits de l'Homme» no filaza azy any anaty toby Miramila any; saingy tsy tafita araka ny tokony ho izy izany satria samy Miaramila no mampita azy na samy Zandary na samy Polisy.

Koa izay kely azony tany aza mbola ahenany 50% ny fahalalana azony, izay no ampidirina any anaty toby. Io fotoana ampidirana azy any anaty toby koa anefa mbola misy «baillottage». Ny torimaso sy ny ady amin'ny sakafo no mahamay an'ireo Miaramila ireo, ka zara raha mahatafiditra 30%-n'ny fahalalana nomena azy.

Manoloana an'izany, ireto no vahaolana: ataovy amin'ny fotoana mampilamina azy ireo ny fanofanana omena azy. Ianareo mihitsy no manao azy, fa aza ankinina amin'ireo Miaramila, Polisy ary Zandary ireo izany. Amin'izay ianareo afaka manasazy azy, fa ny zavatra ampitainareo matetika aminy, izy samy Miaramila no mampita azy, ka alasafay no anaovany azy satria ianareo aza efa fahavalony sahady.

Ny faharoa, manoloana ny zon'olombelona amin'ny ankapobeny. Miaraha miasa amin'ny Minisiteran'ny Mponina ianareo dia ho hitanareo fa malalaka be ny fanitaranareo azy sa any koa misy «donneés» maromaro. Mety tsy mifandray loatra angamba ianareo, fa ny fitarainana rehetra dia mankany daholo amin'ny ankapobeny.

Misaotra indrindra.

#### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra ny Solombavambahoaka.

Omena fitenenana, ny Solombavambahoaka RAJOELINA Seth.

#### **Andriamatoa RAJOELINA Andriamiharimanana Seth**

Misaotra, Andriamatoa Filoha Lefitra, nanome ny fitenenana.

Miarahaba anareo avy ao amin'ny CNIDH.

Maromaro ny resaka efa vita teo. Ataontsika hoe any amin'ny Faritra angamba voaresaka teo koa. Nisy fanambarana lehibe nataon'ny Amerikana momba ny hoe "phase 2". Lasa "phase 2" isika momba ny resaka «traites des personnes». Ahoana ny fomba hatao, isika tsy ho tafajanona amin'io «phase 2» io. Inona no ezaka hataonareo mba handehanantsika any amin'ny «phase 1», raha tsy izany, lasa «phase 3» indray isika. Zavatra lehibe izy io. Anisan'ny nitsarana antsika tamin'io, izay isaorana ny Filoha Andry RAJOELINA tamin'ny fandraisany andraikitra momba an'ireo vehivavy niasa tany amin'ny firenena hafa izay tsy nanao sonia mikasika fifanarahana amin'ny fanajana zon'olombelona eran-tany. Nisy firenena tsy nankatoa an'iny; tsy nanao sonia kanefa misy vehivavy Malagasy marobe miasa any ary mbola misy any izay lazaintsika fa miaina tsara. Tadidio anefa, fa tsy nanao sonia fifanarahana momba ny zon'olombelona ireny firenena ireny. Ny dikan'izay, tokony tsy ho afaka mifandray amin'ny lafiny asa amin'ny vehivavy avy aty Madagasikara izy ireo.

Tsy kely fa tena lehibe izay andraikitra tsy maintsy sahanina sy mipetraka aminareo izay, ny hialantsika ao anatin'ny «phase 2» no tiana hotenenina.

Manaraka izay, mafy ary lehibe ny andraikitrareo, fa ny mahagaga sy mampalahelo, indraindray dia tsy fantatrareo loatra ny zava-misy any amin'ny tontolon'ny ambanivohitra, satria tsy mitovy amin'ny atỳ andrenivohitra izany. Raha misy fampijaliana na zavatra miseho, tonga dia eo ny mpanao gazety, tonga dia eo ny mpitandrofilaminana. Any lavitra any na «Poste de Police» na ny fahasalamana na ny fampianarana, tsy mandeha amin'ny tokony ho izy.

Hanamarihako ny fitenenako; raha misy olona ataon'ny mpitandrofilaminana fanadihadiana, tsy mahay mamaky teny, tsy mahay manoratra izy. Misy mahay mamaky teny sy mahay manoratra kanefa tsy ny zavatra nolazainy no ao anaty «procès verbal». Rehefa any amponja izy vao mitaraina amin'ny Solombavambahoaka ny havany hoe nigadra io olona io. Mifanohitra be amin'ny zavatra nolazainy no voasoratra any amin'ny «procès verbal». Maromaro ny toe-javatra ohatran'izay. Mitovy amin'ny dina koa io, izay no anamafisako hoe: tokony ho fantatrareo ny zavatra mitranga marina. Ny dina anie miainga amin'ny fifanarahan'ny olona vitsivitsy tao anaty Fokontany; tao anaty Boriborintany, izay vao nitatra nihalehibe. Mafy loatra ny zavatra mitranga amin'ny vahoaka, noho ny fanafihana sy fangalarana ary famonoana ka izay no nanaovany ny dina. Tsy maintsy mamorona lalàna mba ahafahany mifehy ny fiaraha-monina misy azy ny vahoaka. Izay no niantombohan'io dina io.

Ny tiako angatahana satria maro ianareo no tonga eto; misy mpitsara, misy mpanao gazety, maromaro ny mpahay lalàna; ahoana no fomba hisorohana, fa tsy hoe tonga dia famonoana dahalo na fitsaram-bahoaka izay vao mipoitra ny mpiaro ny zon'olombelona. Alohan'izay, sao tokony hisy zavatra hafa hatrehina sy hezahina kokoa.

Ombako manana ny tenin'ny Solombavambahoaka namana teo hoe nanazava sy nanao tatitra ianareo teo; raha izaho manokana no mitsara azy, kely dia kely ny zava-bitana. Raha ny zavatra andrasana aminareo, kely ny zavatra vita.

Ny antony nahatonga an'izay, mety tsy avy aminareo. Mety ny fahafaha-manao no tsy ampy. Ny zavatra andrasan'ny vahoaka aminareo dia marobe satria betsaka ny zo tsy sitrahan'ny vahoaka Malagasy. Ohatra, ny fampiasana zaza tsy ampy taona. Maro ny zaza tsy ampy taona no miasa kanefa fantatrareo ny zava-misy any ambanivohitra, ka mahatonga azy tsy maintsy miasa, satria tsy manana zo. Tsy feno ny zo ananan'ny raim-pianakaviana ahafahany miahy ny ankohonany. Lasa tsy maintsy miasa ny ankohonany satria te-hovelona, te-hisakafo, te-hihinana. Inona no hatao manoloana izay.

Tsara ny hisian'ny fiaraha-miasa amin'ny Solombavambahoaka, fa inona ny vahaolana arosanareo. Ny fahefana izay anananareo satria ianareo ihany teo no nilaza, fa nisy tatitra nataonareo tany amin'ny Minisiteran'ny Atitany kanefa tsy nisy fanatanterahana. Misy fiaraha-miasa tsy mitombina tsara izany ao. Misy tsy fifampihainoana izany ao. Izany hoe, tsy mbola mipetraka tsara amin'ny toerana tokony hisy azy ny rafitra misy anareo eto anatin'ny firenena. Tokony hojerena izany. Ianareo no ataoko hoe hery farany ianteheran'ny vahoaka amin'izao fotoana izao. Tena zava-misy izany satria raha tsy misy hitarainana, mifampiditra am-ponja ho azy ny olona. Maro ny zavatra miseho, fa rehefa eo ianareo, afaka manalefaka an'izay ihany ny fitondram-panjakana.

Izay angamba, Andriamatoa Filoha Lefitra, ny teny fohifohy, fa misaotra betsaka.

Manantena mba hisy karazana fepetra horaisina, fa tsy rehefa misy loza foana izay vao mipoitra ny mpiaro ny zon'olombelona.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Manohy ny fitenenana ny Solombavambahoaka EDIZARD, voafidy tao Vohemar.

**Andriamatoa EDIZARD**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba ny namana Solombavambahoaka izay manatrika eto ary tsy hadino ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miaro ny Zon'Olombelona.

Voalohany, ny andraisako fitenenana dia mikasika ny tatitra nataon'ny Vaomiera teo. Mazava ny tatitra natao teo kanefa mba misy soso-kevitra tiako ampitaina amintsika tomponandraikitra voalohany misahana ity Vaomiera ity mikasika ny fitsidihana ireny fonja ireny. Ny zava-misy, raha mampahafantatra mialoha ianareo amin'ny fitsidihana hatao, ny hitanay dia manao izay tokony hanadiovana mba tsy ahafahana mitsikera ny fonja. Ny Vaomiera rehefa mitsidika fonja amin'izay fotoana izay, lasa tsy mahita zavatra azo kianina; rehefa miala eo ianareo, matetika ny fako sy ny loto lasa mirongatra ka mahatonga ireny aretina maro ho an'ny voafonja ireny. Isika mantsy miahny ny fampijaliana ny olombelona. Tsara koa raha arovantsika izy ireny nadia voafonja aza.

Manaraka, mikasika ny fanontaniana hoe ahoana ny tokony hataonareo ao amin'ny Vaomiera Mahaleotena momba ny Zon'olombelona amin'ireto tranga manaraka ireto. Ny zava-misy any ambanivohitra, matetika ny olona voampanga ho nanao ratsy na ny tsy nanao ratsy aza, voatazona ela any amin'ny mpitandrofilaminana. Izany hoe, mihoatra ny fepotoana tokony ihazonana azy.

Ny zava-misy matetika, izao no fahitanay azy any amin'ny toerana lavitra andriana. Ireny olona voatazona ireny no anaovana amboletra mba hanaiky ny zavatra tsy nataony. Anisany voaresaka tao amin'ny tatitra nataonareo teo izany. Miahiahy koa ianareo Vaomiera, fa mety misy ny mpitandrofilaminana voakarama ka afaka manao an'izay izy. Ny zava-mitranga, raha misy olona tsy nanao hadisoana, voatery anefa izy, ny iafarany lasa migadragadra fotsiny ny olona any ambanivohitra. Inona marina no fepetra na tatitra tokony hataonareo amin'ny tomponandraikitra manoloana ny fampijaliana olona ary indraindray misy famoretana atao amin'ireny olona ireny; ohatra, tsy omena sakafo izy ka noho ny harerahana tafahoatra mahazo azy, voatery manaiky tsy fidiny izy. Rehefa tsy mahazo sakafo izy, manaiky tsy fidiny amin'ny zavatra tsy nataony.

Izay no avy amiko, Andriamatoa Filoha.

Misaotra nanome ny fitenenana.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omena fitenenana, Andriamatoa Solombavambahoaka manao satroka.

**Andriamatoa RAYMOND**

Ny nanaovako satroka, Andriamatoa Filoha, satria efa vitsivitsy ny Solombavambahoaka miatrika eto; aleo vitaina ny fanontaniana dia mamaly indray satria misy zavatra miverimberina.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Izay no hataontsika hanafaingana azy.

Manomboka indray izany ny Solombavambahoaka isany RABENARY Jean, RAYMOND, RANDRIANASOLO Jean Nicolas, TOVONDRAINNY DE L'Or, Midongy Atsimo ary ny Solombavambahoaka JEAN Daniel avy any Bekily. Mamarana azy ny Solombavambahoaka FELICIEN Randrianantenaina, voafidy tany Farafangana.

**Andriamatoa RABENARY Jean**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Miarahaba anareo ao amin'ny CNIDH.

Solombavambahoaka RABENARY Jean, voafidy tao amin'ny Distrikan'Andapa, Faritra SAVA.

Misaotra tamin'ny toromarika tamin'ny tatitra izay nataonareo. Heverinay fa mazava dia mazava ny tatitra.

Fanontaniana, efa misy ve ny rantsana anananareo any amin'ny Distrika na any amin'ny Faritra. Heverinay fa tena zava-dehibe io andraikitra iantsorohanareo io, ka tokony hisy rantsana any amin'ny Distrika, Faritra, eny na any amin'ny Kaominina aza, mba ahafantarana hoe inona marina no tena zava-misy.

Miverimberina matetika ny teny hoe: fiarovana ny zon'olombelona teo. Izaho indray te-hieritreritra hoe: manao ahoana ny fiarovana ny olona manary ny zony; misy mantsy izany. Raha any amin'ny Faritra SAVA, misy olona manary ny zony. Tsy sitrapon'ny olona any ny mamono olona, fa misy olona te hovanoina.

Hazavaiko: ny atao hoe mpamono olona dia olona manao «système de défense» izy, raha ohatra miambina lavanila. Izany hoe mpivarotra lavanila izy. Tsy te-hamono an'ireo dahalo izy, fa ny dahalo no mamono azy. Voatery mamaly ry zareo, rehefa nahafaty dahalo izy, tenenina amin'izay ny zon'olombelona. Inona no tokony hataontsika amin'ireny olona manary ny zony ireny. Tokony mba hodinihantsika satria lasa fiarovana zon'olombelona no eritreretina, fa ny olona manary ny zony te-hovanoina, hataontsika ahoana.

Misaotra Tompoko

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omentsika fitenenana ny Solombavambahoaka RAYMOND.



**Andriamatoa RAYMOND**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mamerina ny fiarahabana ho antsika ekipa iray manontolo miaro ny Zon'olombelona.

Lasa eritreritra aho eto, ohatran'ny hoe amin'ireto namantsika ireto, betsaka no andrasan'ny vahoaka Malagasy aminy kanefa toa miasa jamba rafozana izy.

Ny voalohan-teniko dia mamporisika anareo, mamporisika amin'izay asa izay efa natombokareo ary manantena tokoa ny vahoaka Malagasy fa ho anisan'ny firenena mampihatra izany zon'olombelona izany i Madagasikara.

Efa voaresaka teo ny fifandraisana. Io no anisan'ny teboka tokony hatsaraina raha ohatra misy tetibola hangatahana hanampiana ny efa misy amin'izay lafiny izay satria maro ireo Solombavambahoaka namana niteny teo hoe vao androany no naheno an'izany. Tara izany fa efa nisy ezaka marobe nataony. Ny fampahafantarana amin'ny "radio" na amin'ny fahitalavitra amin'ireny fandaharana ireny sy ny fanentanana isankarazany no tokony hataontsika.

Teboka efatra no tiako hotsindriana, efa noresahan'ny namako teo ny "représentativité" tsy hiandry ny rafitra mavesatra isaky ny Kaominina vao hisy solotena. Tsy fantatro, fa anjaranareo no hanolo-kevitra hoe ahoana no fomba ahafahana manatona olona eto Madagasikara miaro ny zon'olombelona. Ho hita ny fiaraha-miasa amin'ny Solombavambahoaka amin'izay efa nomena ary hojerena hoe ahoana no ahafahany satria raha hampidirina ao ny Solombavambahoaka, tsy fantatro na olona hafa ankoatr'izay, fa ny "représentativité" amin'ny fomba ahafahan'ny olona mitaraina. Anisan'ny zavatra mba tian'olona amin'izao fotoana izao hoe: ahoana ny zonay, ahoana ny zonay. Avy eo, lasa mirona atỳ aminay Solombavambahoaka ny ankamaroany. Very zo izahay satria misy olona midongy ny taninay, miteraka ady isankarazany.

Izay izany no tokony hojerena akaiky.

Faharoa, ny "système de réparation" hitantsika tamin'ny sary teo. Nanontanianay hoe avy taminareo ve; tsy avy taminay hoy ianareo, fa avy tamin'olona mahalala-tànana mieritreritra hoe tokony hisy "réparation" hatao amin'ny olona very zo. Ohatra notazonina tao anatin'ny herinandro izay, ka tsy afaka niasa dia avotsotra satria tsy mitombina ny fitoriana. Very zo izy tamin'ny zavatra nahazo azy kanefa tsy nisy "système de réparation" ho azy. Tsy hoe vola, fa handiniana hoe ahoana no hanarenana ny olona very zo. Tsy hoe afaka tamin'ny figadrana izy dia mba misy "réparation" voarainy. Mba tokony hieritreritra an'izay isika miaro ny zon'olombelona.

Fahatelo, ahoana no tokony hanazavantsika ny "dénonciation" hoe misy trangan-javatra. Miadana isika raha mipetraka izay "système de dénonciation" izay amin'ny resaka zon'olombelona. Mety hampihena ny fomba ratsy ampiharintsika, indrindra isika mpiasam-panjakana na amin'ny olona miseho ho mahitahita.

Farany, ny satanareo no arovana. Ao anatin'ny "système", rehefa misy olona manolo-tena hoe andao hanatevin-daharana ny mpiaro ny zon'olombelona; inona no ataonareo.

Tokony hisy sata raha ny fieritreretako azy mba ahafahany miaro ny zon'ny hafa. Tsy tokony henjikenjehina ny olona satria ny mpanao ratsy indray no lasa mahay lalàna, manendrikendrika anao izay nanana fandavantena hitoroka ny zava-dratsy, ianao indray no ifoterany rehefa avy eo.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omentsika fitenenana ny Solombavambahoaka manaraka.

**Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mankasitraka anareo CNIDH.

Tsy ho lava ny teniko fa zavatra telo ihany.

Fanamarihana voalohany: iangavianay rehefa miaro ny zon'olombelona ianareo, tsy ny voafonja sy ny «acteur» ihany no arovana, fa ampiaraho ny antontan-taratasin'ny olona «victime». Matetika ny olona «victime» tsy voaresaka fa ny “acteur” sy ny voafonja ihany.

Fanontaniana, amin'ny lalàna misy amin'izao fotoana izao, anomezana vahana ny CNIDH ve. Mbola misy manembantsembana anareo ve. Tokony hanao volavolan-dalàna halefa atỳ amin'ny Antenimierampirenena hiaro ny asa, ny mponina sy ny fiarovana ara-tsosialy ary ny vehivavy. Rehefa ao anatin'ny asa ianareo, mandeha ny “interpellation”, mba misy “rapport de retour” avy any amin'ny Minisitery voakasika vita soratra ve.

Raha ohatra tsy ampy ny fanaraha-maso ny antontan-taratasy isan-tsokajiny, any no jerena fa ny lalàna sy ny resaka amin'ny vahoaka dia anjaran'ny Solombavambahoaka, fa ny fanatanterahana kosa, anjaran'ny Governemanta. Hoy izahay hoe: asio “fond de dossier” satria misy vaomiera ato aminay afaka mandinika ny fiarovana ara-tsosialy.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omentsika fitenenana ny Solombavambahoaka Jean Nicolas RANDRIANASOLO. Mamarana azy ny Solombavambahoaka TOVONDRAÏ Brillant de L'Or. Alohan'izay, ny Solombavambahoaka JEAN Daniel dit Manjosoa.

Omena fitenenana ianao, Andriamatoa Solombavambahoaka hajaina.

### **Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba ny Solombavambahoaka namana izay tonga eto.  
Miarahaba ihany koa ny solotenan'ny mpiaro ny zon'olombelona.

Andriamatoa Filoha, mba tokony hoteneninareo ny mambran'ny Birao Maharitra ato satria manalabaraka antsika izany. Ny Solombavambahoaka mametraka fanontaniana dia lasa ianao mandeha. Tsy azo atao izany. Ianao mametraka fanontaniana dia lasa mandeha. Tsy mety izany. Mba iangaviako anareo mba hiteny an'izay fa tsy mety izany. Hamaly izao ireo olona ireo, tsy hita eo ny Solombavambahoaka.

Izaho Ramatoa mpiaro ny zon'olombelona, tena namanareo amin'io ary nazahoako fanankianana tao amin'ny Distrikan'i Betroka tamin'ny "mandat"-ko teo aloha izany. Nanomboka tamin'ny tetezamita ka hatramin'izao taona 2019 izao. Ny antony, misy olona amin'ny Fokontany iray izay, lazaina fa hoe dahalo; tsy mba manadihady ny mpitandrofilaminana fa tonga dia mampipoaka basy kanefa misy ankizy ao, misy olon-dehibe ao ary misy olona tsy mangalatra koa.

Izaho niteny foana hoe: raha ohatra misy mpangarom-paosy ve ao Isotry dia lazaina fa mpangarom-paosy dahalo ny olona rehetra ao amin'ny Fokontanin'Isotry. Nolazain-dry zareo fa mpiaro dahalo aho tamin'izany. Mampalahelo izay zavatra izay.

Tsy haiko loatra ity zavatra ity, fa Ramatoa mpandahatra ny fandaharana namoaka gadra iny, izay vao gaga ny aho hoe: hay misy an'ity zavatra ity. Izay no ankasitrahako an'ity zavatra ity, mba misy namako miaro olona koa. Misy kosa olona milaza fa mpiaro ny zon'olombelona saingy manao "business" fotsiny. Any aminay no misy an'izany. Raha sendra misy olona dia izy no mitsangana milaza hoe: ao fa harovako ianareo, omenareo saran-dalana, omenareo vola ny mpanao gazety. Manimba zavatra sy mambotry olona ny tahaka izany.

Manao ahoana marina, Ramatoa Filohan'ny mpiaro ny zon'olombelona hoe: iza no manao ny asan'ny mpiaro ny zon'olombelona satria ianareo no manao ny lalàna hiaro ny zon'olombelona.

Tokony harahinareo maso ihany koa ny olona milaza hoe: izahay miaro ny zon'olombelona, izahay miaro anareo. Tokony hataonareo asa aloha izay, mba torinareo koa ireo olona misalotra ny asanareo.

Maro izany tranga any Betroka. Vao haingana izao, tao amin'ny Kaominina Ivahona; dahalo anie ireo olona ireo, hamono mpitandrofilaminana izy. Fantatry ny mpitandrofilaminana izany satria manana basy ireo olona ireo. Ny mpitandrofilaminana koa anie mba olombelona manambady aman-janaka. Ny asan'izy ireo dia hanolo-tena amin'ny asan-dahalo kanefa ny olona tsy manana fahefana amin'ny zavatra ohatran'izany.

Ny "système de défense" ohatran'ny tenin'ny zokibe Solombavambahoakan'Andapa teo: ny olona manana basy handeha hanafika dia tsy hamaly ve ny mpitandrofilaminana. Mba jereo izany Ramatoa Filohan'ny mpiaro ny zon'olombelona. Izay no ilazako hoe: asio fiaraha-miasa akaiky amintsika. Izahay olona voafidim-bahoaka, misy adidy ao anatin'izay. Tao ny tany nahavoafidy anay izay hilevenanay. Mampalahelo anay ny olonay matimaty fotsiny amin'izao. Mampalahelo anay koa ny mpiatandrofilaminana maty. Olombelona tahaka ahy koa ny mpitandrofilaminana, samy Malagasy.

Tsy ampy ny fanentanana sy ny fifandraisantsika. Isika tokony hiara-hisalahy satria raha miteny amin'ny mpitandrofilaminana izahay, tsy rarahan-dry zareo; lazainy fa miaro dahalo ny tenako. Misy zaza tsy manan-tsiny anie ao.

Izay no iangaviako anareo, tsy maninona raha manao tolo-tànana ho anareo, midina any Betroka isika satria misy olona sy zaza tsy manan-tsiny an'arivony amin'izany faritra izany. Very fananana, misy hetraketraka ataon'olona vitsy an'isa ao amin'io Fokontany io. Izay no ilain'i Betroka, izany no antony tsy mampandroso azy satria ny mpanao ratsy tsy mety hanamarina ny mpanao tsara.

Ahoana no halahelovako amin'izao ny mpanao ratsy. Ny tenako izao ve no hanao zavatra tsy mety amin'ny taniko; tsy maintsy miaro ny vahoakako aho. Ny asan'ny Solombavambahoaka anie miaro ny vahoakany. Mijery ny olan'ny vahoaka; kanefa rehefa manao an'izay ianao, lasa miady amin'ny namana mpitandrofilaminana. Ny antony, efa notenenin'ny namana teo. Tsy hivalampatra amin'iny aho, fa hojerentsika izay zavatra izay satria mampaharary ny mponina any aminay. Isaorako anao nanao an'ity fandaharana ity.

Manaraka izay, tsara ny miasa fa misy zavatra tena mahafa-po ataon'ny lehiben'ny mpitandrofilaminana. Misy Zandary, hono, lazaina any amin'ny gazety, fa miisa 70 no nogadraina, firy ny Miaramila sy Polisy nogadraina. Misy tsy manan-tsiny koa ao anatin'izay ka tokony hojereonareo hoe inona tokoa no mahatonga an'ireto Zandary ireto nigadra. Tsy fijerena hoe nandika lalàna fotsiny, fa anatin'ny fiarovana zon'olombelona izay satria misy zaza tsy manan-tsiny ao. Tsy misy zaza hiteny amin'ny rainy hoe: manaova hadalana ianao. Tsy misy an'izany. Aoka isika mba hijery ny fototra, fa misy zavatra tsy rariny ao.

Marina fa mampigadra ny kolikoly, saingy misy zaza tsy manan-tsiny, manambady koa ireo olona ireo. Azafady mba jereontsika izay zavatra izay, fa mankarary ny lohanay ny mieritreritra azy.

Iangaviako anareo an-tànan-droa, tsy mampaninona ahy, Ramatoa Filoha, ny manome tolo-tànana anao; mba misy 4 na 5 ianareo midina any Betroka. Tsy mampaninona ahy ny mandray andraikitra satria mila an'izany ny olona any aminay. Tsy mampaninona ahy, fa ny zavatra azoko ato entintsika midina any ifotony; mba ahafantaran'ny olona hoe ireto mihitsy ny olona mpiaro ny zon'olombelona. Hovorintsika ao anaty lapa iray ny Kaominina dia samy mitaraina ny olany eo ny olona rehetra. Amin'izay fotoana izay, fantatrareo hoe: izao no zavatra misy any ifotony. Miangavy anareo aho, mba halamintsika izay zavatra izay. Tsy maninona na mikiy indray mandeha mba hijery an'izay fa maharary anay izany. Lazaina foana hoe misy dahalo any aminay, midina any isika dia hitantsika dahalo ny marina.

Farany, Ramatoa Filoha, mikasika ny mpitandrofilaminana; asa raha afaka manantona ny lehibe isan'ambaratongany raha sitrakareo; FELICIEN Randrianantenaina, Solombavambahoakan'i Farafangana teo, mba hojerentsika akaiky izay.

Ny lehibeny tsy maintsy miaro ny Miaramilany, izahay atỳ ambany atỳ koa, miaro ny vahoakanay. Mba amahana ny tenin'ny namanay teo, tokony hifanampy satria efa notenenin'Andriamatoa Sekretera Jeneraly teo hoe: omen'ny Zandary tsiny izahay anefa maty ny olonay. Tsy itakianareo zon'olombelona, fa rehefa dahalo no maty dia misy ny zon'olombelona.

Iangaviana, Tompoko, mba tokony hisy fivoriana miaraka amin'ny mpitandrofilaminana, eo koa ny Solombavambahoaka, eo ihany koa ianareo sy izay manampy anareo.

langaviana koa ny fitsarana, ny Minisiteran'ny Atitany satria ity farany no Filohan'ny OMC. Samy hanokana fotoana isika fa lasa hifampilonilony eto ka tsy hampisy fampandrosoana an'i Madagasikara izany. Hiaraka hivory na "huis clos" na atao mivantana amin'ny "radio"; misy solotena miaraka amin'ireto olona ireto sy ny solotena efatra nolazaiko teo, Andriamatoa Filoha: ny mpitandrofilaminana, ny Zandary, ny Polisy sy ny Minisiteran'ny Atitany, mba hanao resaka mivantana eto isika. Mamparary anay io zavatra io Andriamatoa Filoha; marary ny vahoakanay satria, izahay izao efa ho 55 taona mbola hifanenjika isan'andro amin'ny dahalo ihany. Misy zavatra tsy ampy ao, ka tokony hojerena akaiky.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.  
Misaotra anareo, Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Omentsika fitenenana ny Solombavambahoaka ary rehefa avy eo, omentsika an-dRamatoa Filohan'ny CNIDH izany.

### **Andriamatoa TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Isika Ray aman-dReny ao amin'ny fiarovana ny zon'olombelona; ny tenako dia Solombavambahoaka TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or avy any Midongy Atsimo.

Zavatra vitsivitsy no tiako horesahana eto. Atambatro eto Midongy sy Befotaka, iny tapany atsimon'ny Faritra Atsimo Atsinanana iny; mifanolo-bodirindrina amin'ny Distrikan'i Betroka, Amboasary Atsimo, Bekily, Iakora, Ivohibe, Vondrozo, Farafangana ary Vangaindrano. Ireo toerena manodidina an'i Midongy sy Befotaka ireo dia faritra mena daholo.

Ny omby efatra arivo na dimy arivo very avy ao Midongy dia tsy nandeha any an-danitra fa na izy very ao amin'ny Distrikan'i Midongy na nivoaka amin'ireo Disitrika ireo ary misy rà mandriaka tsy hita velively. Tokony hotantaraina eto izany satria raha miresaka mikasika an-dRambilazo, Remenabila no tena anarany; voasabotra Rambilazo tamin'ny taona 1992; nosamborin'ny Zandary dia nentina ny omby izay nogiazana tao Befotaka ary izy nentina nankany Farafangana. Ny Zandary nitondra azy, tsy mbola tonga tany Befotaka, izy efa tonga mialoha tany. Ento atỳ ireto omby ireto. Omby halatra io hoy ny olona. Ny olona notazoninareo nangalatra azy ity tonga eto ity, hoy izy, ka ahoana no maha omby halatra azy. Tsy misy azonao lazaina.

Ny tiako ahatangavana amin'izay lohahevitra izay dia ny fahamarinana sy ny fanajana lalàna. Miresaka zon'olombelona isika teo. Misaotra anareo avy ao amin'ny CNIDH ary mankasitraka ihany koa. Raha nisy sary taty amiko dia nasehoko teto hatao porofo momba ny asanareo tao amin'ny Distrikan'i Midongy. Raha notokanana ny "caserne de la gendarmerie" ao Lavaraty; ny tenanay no nitokana azy tany. Nohazavain'ny "Commandant de Groupement" tao, fa nozaraina roa ny "cellule" tao. Torolalana avy amin'ny fiarovana ny zon'olombelona izany hoy izy. Izany hoe: atokana ny lehilahy sy ny vehivavy. Mankasitraka anareo aho satria maro ny tantara efa hita mikasika izany. Hita fa tena miasa ianareo.

Amin'ny resaka fanagadrana olona, hifanentana isika avy ato amin'Antenimierampirenena sy ny ao amin'ny fiarovana ny zon'olombelona, andao isika hiaraka hiady amin'ny fanatsarana ireny fonja ireny.

Tahaka izany koa ao Vangaindrano. Raha misy raharaha avy any amin'ny Distrikan'i Midongy sy Befotaka dia entina any Vangaindrano. Mahita izahay, fa tena manaraka ny fenitra iraisam-pirenena izany raha ny zon'olombelona no jerena.

Firenena miaina ao anaty kolikoly isika ary mino aho fa tsy fantatry ny olona akory ny tena fototry ny olona misy amintsika. Misaoatra an'Andriamanitra Andriananahary sy ny departemanta miandraikitra ny zon'olombelona aho satria afaka miaina tsara ireo olona voafonja. Ireto ny antony ilazako izany: misy olona tsy meloka kanefa lasa any am-ponja, akory atao satria na ny fiaraha-monina sy ny Ray aman-dReniny aza mitsodrano azy hoe: vitao aloha ny sazinao satria io ny taratasinao ao amin'ny "procès verbal". Fijaliana tokoa izany migadra izany saingy mba efa azo iainana aloha ny fonjan'i Vangaindrano.

Mifananatra mihitsy ny Fokontany 51 ao anatin'ny Kaominina 7, ao amin'ny Distrikan'i Midongy Atsimo amin'ny fisorohana ny fanaovana kolikoly sy tsolotra. Raha ny zanatsika no tratra mangalatra na namono olona, aza arovanareo Ray aman-dReniny satria lasa ianareo indray no mifona amin'ny heloka tsy nataonareo. Matetika ny Ray aman-dReniny mifona amin'ireo tomponandraikitra ary lasa vitan'ny raharaham-pihavanana ny heloka nataon'ny zanany.

Raha miverina amin'ny fiaraha-monina nanaovany heloka anefa izy, lasa hamerin-keloka foana satria matoky fa hisy hiaro rehefa misy fandikan-dalàna ataony. Milaza ny olona, fa ny anareo Ray aman-dReniny efa vita fa izahay vahoaka madinika no mizaka ny mafy. Pasitora Loterana aho; nisy fotoana nisy niantso tamin'ny findaiko ary nilaza izy hoe: rehefa tratranao manao hadalana ranona, avelao malalaka ny Zandary hisambotra azy ary avelao izy hizaka ny nataony. Rehefa any am-ponja izy dia itorio teny ary anaro sy tefeo tsara, fa rehefa miverina amin'ny fiaraha-monina izy dia horaisinay.

Nisy rahalahiko izay, nokapohiny tamin'ny akalo tamin'ny hatokany ka maty tsy tradrano. Nilaza ny Fokonolona fa tsy haninona ny olona namono azy; ny nangatahanay dia niantso Zandary nisambotra sy nanagadra azy. Rehefa vitan'ny mpamono olona tsara ny saziny, noraisin'ny fiaraha-monina ihany izy. Ireo raharaha vitavitan'ny "affaire", fantatray avokoa ny zana-bahoaka nanao an'izany, ho tonga Miaramila, ho lasa mpiasam-panjakana izy. Milaza amin'ny Ray aman-dReniny izahay hoe: fantatray avokoa ireny.

Mialohan'ny nanaovako teolojia, nanao "psychothérapie" tany Suisse ny tenako, tany amin'ny «Université des Nations». Tsy «filière» nataoko na ny teolojia na ny «psychothérapie», fa olona teknisiana aho, saingy nataoko ireo satria mila an'izany ny tany nipoirako. Tamin'ny 26 Febroary 2012 aho vao nahazo oridinasiona, 26 Febroary 2019, 7 taona taorian'izay aho no lasa Solombavambahoaka izao. Mila «centre d'écoute thérapeutique» ny zon'olombelona mba hisy «ampathie» hihainoana ny marina satria mety misy olona meloka anefa lasa marina izy eo anoloanan'ny fitsarana. Tokony hatsangantsika izany ny «centre d'écoute pour la vérité» na dia tsy ho antsika ao amin'ny BIANCO sy ao amin'ny fitsarana aza izany, fa hoentitsika ho an'ny zon'olombelona.

Nisy fangatahana natao tato manao hoe: asio «cellule» any amin'ny Kaominina sy ny amin'ny Distrika, efa misy mahasolo tena ny vahoaka ato satria ao ny Solombavambahoaka izay miisa 151 mianadahy, afaka hihaino hoe: inona marina no zava-mitranga ao amin'ny Kaominina Soakibano izay misy an'i Managneno. Misy rà mandriaka tsy hita velively any, mampiasa basy "kalachnickov" sy «masse 36» ireo mpandrava amin'izao ora iresahantsika izao. Raha vao mihetsika na kitikitihinao ireo olona ireo, telefaonina avy hatrany no azonao avy atỳ ambony atỳ. Tsy ny fitondram-panjakana no manao izany, miaro ny fitondran'Andriamatoa Andry Nirina RAJOELINA 100% ny tenako, fa tsy manao izany izy. Misy olona lohandohan'ny mpisorona sasantsasany any ambadimbadika any, fa tsy hitan'ny Filohampirenena, tsy hitan'ny fitondram-panjakana, tsy hitan'ny zon'olombelona. Manao hadalana sy halatra ambony latabatra izy ireo. Mangataka famoronana "centre d'écoute" eken'ny iraisampirenena ny tenako ho fiarovana sy hananan'ny zon'olombelona «crédibilité»; maneran-tany misy an'izany daholo. Manaova "projet possible, finançable, communicable, réalisable" ho azo raisina sy tanterahana isaky ny Distrika ianareo.

Farany, amin'ny volana Martsa 2020 izao, manana fandaharan'asa, hanomana "30 heures de vol" amin'ny "hélicoptère" izahay hanasanay olona hitety ny toerana saro-pady izay hita fa maharary. Fantatsika fa ny volana Martsa raha teo andro, iraisampirenena ho an'ny vehivavy, ny 8 Martsa izany; mandritra ny 8 andro, matory any ary mifanotrona amin'ny vahoaka any an-toerana.

Raiso an-tsoratra izy ity azafady: raha ny sitraponay, hitondra anareo sy hampahafantatra ny mponina any ifotony, indrindra fa ny Faritra Atsimo Atsinanana sy ireo Distrika mpifanolo-bodirindrina aminy, anisan'izany Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas. Misy dikany ny anaovako an'izay matoa resahako eto, indrindra ao amin'ny faritra Andriy.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra indrindra, Andriamatoa Solombavambahoaka.

Ho famaranana, omentsika fitenenana ireo Solombavambahoaka izay hamarana ny fitenenana satria rehefa vita izany, atolotra an-dRamatoa Filohan'ny CNIDH sy ny mpiara-dia aminy ny fitenenana no sady manao ny teny famaranana izy.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène**

Misaotra, Andriamatoa Filoha, nanome ny fitenenana.

Miarahaba antsika Solombavambahoaka.

Miarahaba anareo Vaomiera Mahaleotena Misahana ny Zon'Olombelona.

Tsy ho lava resaka ny tenako; Solombavambahoaka avy amin'ny Distrikan'i Fenoarivobe aho.

Mahatsapa aho fa voahosihosy ny zo mahaolona eto amintsika. Tsy hita anefa izay iatsampazan'ny olona tratran'izany. Tranga matetika any aminay any izy io. Ianareo ve afaka hanadihady sy hanampy ireny olona ireny satria takona tanteraka ny fahamarinana.

Very ny zon'ny olona noho ny asan'ny vola. Misy an'izay zavatra izay any ambanivohitra lavitra andriana any. Aiza ny toerana tokony handehanan'ireny olona ireny raha sendra an'izay olana izay. Tokony hanana adiresy manokana ianareo mba ahafahanay manatona anareo, amin'izay fotoana izay, miampita any aminareo ny vaovao ka ho afaka manadihady sy mandray andraikitra amin'ny fiarovana zon'olombelona ianareo. Tsapanay fa misy izany. Izay no fangatahako, maniry aho ny hisian'izay sampana izay eo anivon'ny vaomiera iasanareo izay milaza fa miaro ny zon'olombelona. Hatao isaky ny Distrika na ny Faritra izany farafahakeliny.

Misaotra Tompoko.

### **Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamamtoa Solombavambahoaka.

Tapitra ny fanontaniantsika Solombavambahoaka, omena an-dRamatoa Filohan'ny CNIDH sy ireo mpiara-dia aminy ny famaliana ny fanontaniana na fanamarihana nataonareo teo. Omena azy ireo ihany koa ny teny famaranana rehefa tapitra ny valim-panontaniana. Omena fitenenana ianareo, Tompoko.

### **Ramatoa ANDRIATAVY Lova, Kaomisera avy ao amin'ny CNIDH**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Raisinay eto anivon'ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny zon'olombelona ho tombotsoa manokana ny fijoroanay androany hanao ny tamberin'andraikitra aminareo. Averiko ihany fa tamberin'andraikitra no teneniko satria ao amin'ny fandaharam-potoanantsika milaza hoe «information». Ny lalàna mifehy ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny zon'olombelona milaza fa manao tatitra isan-taona eto amin'ny Antenimierampirenena izay vaomiera izay.

Kely ny asa vita hoy isika teo, misaotra anareo sahady izahay; na izany aza mankasitraka, Tompoko, fa voaray avokoa ny soso-kevitra avy aminareo.

Efa nitondra «brochures» maromaro ho anareo ihany izahay. Raha mbola mila fanampiny entina any ifotony dia vonona hatrany ny hanome izahay mba ahafantaran'ny vahoaka tsy mandady harona ny toerana ahitana ny CNIDH. Marina ny voalazan'ny Solombavambahoaka namana teo hoe: misy misandoka ho mpiaro ny zon'olombelona any Ambanivohitra any. Marina ny voalaza ary lasa manaiky sy manaraka ambokony ihany ny mponina tsy mahalala ka voafitaky ny mpisandoka. Hiteny tranga iray aho, hita eny amin'ny faritra tsy lavitra loatra; misy olona mitonona ho mpiaro zon'olombelona milaza hoe afaka mampiditra olona eny anivon'ny Minisitery, mahatafavoaka ireo mpampianatra FRAM ho lasa mpiasam-panjakana. Entanina ihany koa ianareo hanome tolo-tànana anay. Ampahafantaro ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny zon'olombelona ny zava-misy any ifotony rehefa midina any ianareo.

Misaotra mialoha, Tompoko.

Hovaliko araka ny filaharana nahazoana azy tato ny fanontaniana. Fanontaniana voalohany, teo momba ny zon'ny Polisim-pirenena sy ny fampianarana ny zon'olombelona.



Fangatahan'ny Solombavambahoaka namantsika raha azo atao, aleo ny Miaramila samy Miaramila na Polisy samy Polisy no hifampianatra fa toa tsy mety satria tokony hisy ny "partialité" sy ny "neutralité". Izahay eto amin'ny CNIDH dia miara-miasa akaiky amin'ny "Système des Nations Unies", ny "Commissariat des Nations-Unies" izay manana ny Birao eto Madagasikara. Nandrafitra «module de formation aux droits de l'Homme» ho an'ny Polisy-pirenena, anisany anankiray tato amin'ny vaomiera izany. Mandrafitra «module» ny vaomiera iray, ka ampianarina eny anivon'ny faritra tsirairay. Misy ihany koa eny Ivato sy any Antsirabe.

Efa miezaka manao fifanarahana amin'ny oniverisite eran'i Madagasikara ny Minisitara ahafahan'ny mpampianatra eny anivon'ny oniverisite mpampianatra ny zon'olombelona eny anivon'ny sekolin'ny Polisy. Misy mpampianatra nivoaka tamin'ny oniversite eny amin'ny sekolin'ny Polisy eny Ivato sy any Antsirabe.

Mikasika ny resaka fanondranana olona na ny "traite", efa faly ihany ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny zon'olombelona. Misy tombotsoa ho fiadiana amin'ny "traite" teo anivon'ny Fiadidiana ny Filohampirenena satria noraisin-dRamatoa Filoha ho andraikitra ny mijery manokana azy io. Efa voalaza teo, fa nisy vahaolana natolotry ny Filohampirenena hanampiana ireo olona mbola tavela any amin'ny "zone risquée".

Sarotra ny miresaka azy io satria tambazotra, tsy ireny olona ireny na ny "agence de déplacement" ihany no ao anatiny, fa tomponandraikitra eto amin'ny Firenena. Voasaringotra ao anatin'io, manomboka eny anivon'ny Fokontany toy ny fanomezana «certificat de résidence» mipaka eny anivon'ny Kaominina amin'ny fanomezana «acte de naissance» hosoka hatrany amin'ny fanomezana «visa» sy ny «agence» mandefa vehivavy any ivelany. Toy izay koa eny anivon'ny «police de frontière», ny «agence de voyage» sy ny «compagnie aérienne» ary amin'ny «consulat» izay miasa any ivelany anefa avy aty Madagasikara. Ireo mpampiasa an'ireny olona ireny any amin'ny toerana alehany dia voasaringotra amin'ny "traite" avokoa.

Mipetraka ny fanontaniana hoe: inona no mety ho vahaolana atolotray. Fiaraha-miasa amin'ny «entités» rehetra izay noteneninareo teo hoe maninona no toko telo mahamasa-nahandro amin'ny olona efa hitantsika misy eto amin'ny firenena no atao. Isaorana sahady raha misy an'izay fikaonan-doha izay satria maharary antsika rehetra izany.

Manaraka, ny resaka any amin'ny fonja. Maromaro isika no niresaka fonja teo. Ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny zon'olombelona nanomboka tamin'ny taona 2018, efa voalazan'ny namana teo, fa nanao "prevention en torture" teny anivon'ny fonja. Ny mahahafakely an'io vaomiera io dia ny fanaovana famangiana tampoka any amin'ny fonja" izay tsy mila fierana fa malalaka tokoa.

Marina ny tenin'ny Solombavambahoaka namantsika teo satria raha nandeha teny amin'ny fonja izahay, ohatra tetsy Tsiarahy, nampiangrasina 45 minitra teo ho eo fa nodiovina aloha ny fonja vao nampidirina ny mpiaro zon'olombelona. Mihevitra izy ireo tamin'izay fotoana izay, fa ho tsaratsara ny tatitra hataonay mikasika ny zava-misy ao amin'io fonja io.

Misaotra amin'ny fanohananao sy ny soso-kevitra nomenareo momba ny tokony hitadiavana fomba hahamafimafy kokoa ny satan'ny CNIDH mba ahafahana misahana zavatra maro eto amin'ny Firenena.

Momba ny “antenne régionale”, misy lalàna mifehy anay hametraka izany eo anivon’ny vaomieram-pirenenana mahaleotena misahana ny zon’olombelona. Efa voalazan’ny namako teo ihany koa, fa nahazo «conformité prioritaire»-n’ny «projet PIP» izay natolotry ny CNIDH mandritra ny 3 taona; izany hoe hatramin’ny taona 2020. Indrisy fa ny «fonctionnement» azo saingy ny «budget d’investissement» tsy misy mihitsy. Mbola ezahana ny fametrahana ny «antenne régionale» amin’ny taona manaraka.

Ny resaka “représentativité” nolazain’ny Solombavambahoaka teo mikasika ny ahazoana izany mba hahafaoka eran’i Madagasikara. Voalazan’Andrimatoa Filoha Lefitra teo hoe: nanao fitsidihana Faritra maromaro ny CNIDH, niezaka ihany nihaona tamin’ny fiaraha-monim-pirenenana izahay ary nihaona tamin’ny olom-boafidy tany amin’ireny Faritra ireny notsidihanay na tany ambanivohitra koa aza, nanaparitaka «brochure» tamin’ny fanentanana nataonay mba ahafahan’izy ireo mifanerasera aminay.

Misaotra tamin’ny tolo-tànana nataonareo izay nampiakatra vaovao avy any. Horaisinay izany satria asan’ny CNIDH ny mandray ireo «plainte» ary mikirakira azy sy manolotra vahaolana ho an’ny mpametraka azy. Marihana fa ao amin’ny CNIDH dia misy sampandraharaha roa: ny «promotion» sy «protection». Ny «service de promotion», mandeha manao fanentanana, mampianatra ny resaka zon’olombelona satria ahoana tokoa no hitakian’ny olona ny zony raha tsy fantany akory ny momba izany. Ny «service de protection» no ametrahan’ny olona ny fitoriany any amin’ny CNIDH. Afaka manao «auto saisine» raha misy zavatra hitany fa tsy mety eny anivon’ny fiaraha-monina.

Fanontaniana manaraka, mikasika ny «rapport de retour». Ny nahatonga ahy niteny tany am-piandohana hoe: raisinay ho tombotsoa ny fihaonana aminareo satria nampiarahana mihitsy ny fiverenana teto tandroany. Mety hisy na tsia anefa izay «retour» izay indraindray. Miezaka ny mitazona fifandraisana amin’ireny olona rehetra nandefasana «interpellation» izahay na any Minisitery na amin’ny sehatra samihafa mba ahafahana manery azy ireo hamaly ny zavatra angatahana.

Mikasika ny «victime», ampiarahako amin’ny famaliana ny soso-kevitra natolotry ny Solombavambahoaka Pasitora teo izay satria telo no isan’ny Solombavambahoaka nanao ampamoaka momba an’izay.

Raha ny «système pénal» eto amintsika, heveriko fa azo anaovana kiana satria miandany any amin’ny lohandohan’ny mpanao ratsy, fa tsy mijery ny «victime».

Ny ankizy kely no tokony hanaovana fanontaniana «interrogatoire», fa tsy ny olona efa tonga saina sy mahalala ny zavatra nataony. Raha ohatra misy fahadisoana any amin’ny fitsarana; tokony hanana «réparation» izy. Olana eto amintsika mihitsy ny firiranana loatra amin’ny mpanao ratsy. Tsy mety anefa izay fombantsika izay. Io no antony nahatonga ny Solombavambahoaka Pasitora nanome soso-kevitra teo momba ny «maison de centre d’écoute pour la vérité». Ny soso-kevitra avy amiko kosa, sao mba “pour les victimes”; amin’izay afaka ampidirintsika any anatin’ny tolo-dalàna hiarahantsika mamolavola ny valin’izay resaka izay «victime».

Atolotro ny namako ny fanohizana ny famaliana fanontaniana.

## **Ramatoa RAKOTOZAFY Armandine, Kaomisera ao amin'ny CNIDH**

Misaotra Ramatoa Kaomisera.

Mitodika manokana amin'Andriamatoa Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'i Betroka ny tenako satria niangavy fiaraha-miasa izy. Tsara ny soso-kevitra hoe: hiaraka aminao mankany Betroka saingy tokony hampahafantarina anay ny zavatra nitranga tany.

Efa indroa izahay ato amin'ny CNIDH no nanao «mission» tany Betroka ary mbola vao vetivety ny iray, fa ny voalohany tsy tao an-toerana ianao, Andriamatoa Solombavambahoaka. Vao hanomboka ny fikarakarana ny fifidianana no tonga tany izahay, miisa telo mianadahy izahay no Kaomisera tany; lehilahy ny roa ary izaho irery no vehivavy, tsy eto izy roalahy amin'izao. Tena nanao “visite de courtoisie” tao amin'ny Lehiben'ny Distrika izahay nampahafantatra azy ny anton-dianay. Nasehonay ny “ordre de mission” sy ny karatra maha-«commissaire des droits de l’Homme» anay; nilamina tsara ny resaka tao. Nampahafantatra ny anton-dianay tany amin'ny Kaompanian'ny Zandarimaria izahay. Tsy tao an-toerana ny Lehibe fa nampiangany hoe amin'ny 2 ora tolak'andro ny fihaonanareo aminy. Lasa tany amin'ny «commissariat» izahay, ka ny lefiny no tratranay tao. Nanadihady ny anton-dianay izy nandritra ny adiny roa, tao Betroka io. Inona no nitranga, fa vao nivoaka tao izahay, tonga ny Ben'ny Tanàna niaraka tamin'ny vehivavy anankiray izay. Nanontany anay izy ireo hoe: ianareo ve no mpiaro ny zon'olombelona. Nanaiky izahay. Mandehana any ianareo, fa manakorontana eto Betroka; miandry anareo ao amin'ny biraon'ny Kaominina ny vahoaka. Tsy navela niteny izahay, fa nanaraka ambokony fotsiny. Tsy teo ianao tamin'izay, Andriamatoa Solombavambahoaka. Afaka manontany ny mpiara-miasa aminao ianao satria teo izy tamin'izay fotoana izay. Tsy niteny ireo namako ireo, izaho no mpiandraikitra ny faritr'Anosy hoy aho ary nilaza tamin'izy ireo hoe: avelanareo hiteny ve izahay sa tsia. Hanazava ny tena anton-dianay aminareo no ahatongavanay aty, tsy mpanakorontana velively izahay, hoy hatrany, ny tenako. Ianareo manadihady mikasika ny olona voatifitra teo an-tsena; iza no tsy mahafantatra an'iny manerana an'i Madagasikara. Iza no homena tsiny. Hanome tsiny ny mpitandrofilaminana ve sa hanome rariny an'ireny olon-dratsy voatifitra ireny. Mila manamarina ny zava-misy izahay. Inona marina no zavatra nitranga taty. Izay no tena anton-dianay. Nifandriotra teo izahay, tsy navelan'izy ireo niteny mihitsy. Namaly tsootra aho nanao hoe: izay tianareo atao ve no atao. Izahay tsy mila anareo miteny eto, fa izao ankehitriny izao ianareo dia mandehana. Afaka manontany ny mpiara-miasa aminao ianao raha azo atao, fa nanatrika teo izy. Navelany niteny ihany anefa izahay. Tsy mpiaro zon'olombelona tsootra toy ny voalazanareo teo izahay, fa Andrimpanjakana nanao fianianana ary ireto ny karatra mikasika izany. Tsy te-hihinana amam-bolony izahay, ka hionona amin'ny zavatra notenenin'ny olona na ny hita tamin'ny fahitalavitra fotsiny. Ny antony nahatonga an'iny famonoana olona maro iny no anaovanay fanadihadiana. Hiarovana ny ainareo sy ny tsy hikorontanan'ny vahoaka aty no tanjonay.

Feno hipoka ny efitranon'ny Kaominina sy ny lavarangana ary hoy izahay hoe: rehefa tianareo handeha izahay dia handeha satria efa azonay ny vaovao notadiavinay. Mbola te-hihaino ny feon'ny vahoaka izahay hoe: inona marina no zavatra nitranga kanefa tsy tianareo izany, ka handeha izahay. Avy eo nisy olon-kendry teo, nangataka fiofanana mikasika ny zon'olombelona taminay izy ireo. Miverena aty ianareo hanome fiofanana mikasika ny zon'olombelona anay hoy izy ireo. Eto ny mpampakateninay, vao tsy ela akory izay niaraka tamin'ny “commissaire magistrat” tany Betroka. Mahafantatra ny zavatra nahazo anay tany izy, Andriamatoa Solombavambahoaka ka ampahafantarina anao eto izany.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra Tompoko.

Manao satroka, Andriamatoa ANDRIANASOLO Jean Nicolas. Omentsika azy ny fitenenana.

**Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas**

Tsy namaly aho teo Ramatoa RAKOTOZAFY Armandine. Tamin'ny volana inona ianareo no tany an-toerana. Angamba tamin'ny tenako tsy Solombavambahoaka intsony ianareo no tany. Tsara ho fantatrao Ramatoa RAKOTOZAFY Armandine, tsy haiko na "commissaire" na inona izay gadrainareo, tokony izahay Solombavambahoaka tomponandraikitra amin'ny Distrika mihitsy no tsara hatoninareo.

Izay no angantahinay amin'ny Governemanta hoe rehefa mandeha amin'ny toerana nahavoafidy anay ianareo, mba mitenena aminay ahafahanay miaro anareo. Ianao niteny teo hoe: nisy olona mpiaro zon'olombelona nanao "business". Aza rahonana ny olona raha ohatra mitroatra satria ny antony, misy amin'ireo mpiaro zon'olombelona ireo tsy fantatra marina ny tena zavatra ataony. Izay no olona eto; miangavy anareo rehefa manao fidinana any Betroka ianareo, ento aho fa tsy mitabataba aminao ny olon'i Betroka. Sahiko ny miteny an'izany eto. Rehefa miaraka any isika, ho hitanao ny fahendren'ny mponin'i Betroka. Misalasala ny olona satria tsy mahalala hoe iza marina ireto; hahita azy ireo ianao, ka hahafantatra tsara ny fanontaniana tokony hapetrakao.

Misaotra Tompoko.

**Andriamatoa FILOHA**

Misaotra anao, Andriamatoa Solombavambahoka.

Averina amintsika ao amin'ny vaomieram-pirenenana mahaleotena misahana ny zon'olombelona ny fitenenana.

**Ramatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH**

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

Mamerina ny fisaorana anareo Solombavambahoaka tonga manatrika an'izao tatitra nataon'ny CNIDH izao.

Mahatsiaro izahay fa tsy maty antoka na lany andro sanatria raha tonga nanao an'izao tatitra izao satria hita tamin'ny teny rehetra nataoanareo teo ireny na fanamarihana na soso-kevitra, eny fa na ny fanankianana aza. Hitanay fa tena mahaso zavatra tokoa ary hoentiny manatsara ny fomba fiasa eo amin'ny vaomieram-pirenenana mahaleotena misahana ny zon'olombelona izany.

Hita fa mbola vaovao ihany satria vao roa taona monja no niasana kanefa noho ny fiaraha-miasa avy aty aminareo Solombavambahoaka dia velom-bolo izahay. Manantena ary manome toky fa handray antsakany sy andavany an'ireny soso-kevitra ireny izahay. Manantena ny fiaraha-miasa amintsika satria mitovy daholo ny tanjona dia ny hisian'ny fiaraha-monina milamina sy hanjakan'ny rariny sy ny hitsiny, fa tsy sanatria ny vola sy ny fahefana no entina mitondra izany.

Misaotra, Andriamatoa Filoha.

**- Fiatoan'ny fivoriana -****Andriamatoa FILOHA**

Satria tsy misy manan-kambara intsony isika. Manolotra fisaorana anao, Ramatoa Filohan'ny CNIDH sy ianareo mpiara-miasa akaiky aminy nanao an'izay tatitra izay sy nanome fanazavana mombamomba izany. Namaly ny fanontaniana izay nanitikitika ny sain'ny Solombavambahoaka ianareo, ka fisaorana hatrany no atolotra.

Misaotra antsika Solombavambahoaka rehetra tonga nanatrika izao fivoriana izao koa.

Eto ampamaranana, tiako ny mampahafantatra antsika Solombavambahoaka, fa rahampitso Alakamisy 24 Oktobra 2019, amin'ny 10 ora, maraina, araka ny fandaharam-potoanantsika, hisy ihany koa ny "séance d'information sur la situation actuelle des enfants à Madagascar par l'UNICEF" izay hatao ato amin'ny trano fivoriana ihany.

Manentana antsika ho tonga maro amin'ny fiatrehana io fivoriana io. Manomboka amin'ny 10 ora, maraina, ny fandaharam-potoana ka hifarana amin'ny 3 ora, tolak'andro. Hisy sakafo atoandro amin'ny 12 ora ary any amin'ny famaranana ny "cocktail". Manasa antsika ho tonga maro hanatrika izany.

Niato tamin'ny 1 ora sy 55 minitra, tolak'andro, ny fivoriana.

  
RASOLONJATOVO Honoré

## FIZAHAN-TAKELAKA

	Pejy
- Fitohizan'ny fivoriana .....	01
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	01
- Fampahafantarana ny mpiara-miasa ao amin'ny CNIDH .....	02
- Teny nataon-dRamatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH .....	02
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	02
- Tatitra momba ny asa vitan'ny CNIDH .....	02
- Teny nataon-dRamatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH .....	02
- Fametraham-panontaniana nataon'ny Solombavambahoaka sy valiny avy amin'ny CNIDH .....	07
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	07
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien .....	07
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	08
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANARIVELO Justin Abel .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson .....	09
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	10
- Teny nataon-dRamatoa ZAFINANDRO Perle Bien Aimée .....	10
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	11
- Teny nataon-dRamatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH .....	11
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	12
- Teny nataon'Andriamatoa RABETOKOTANY Mamy, Filoha Lefitry ny CNIDH .....	12
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	13
- Teny nataon'Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques .....	14
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	15
- Teny nataon'Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol .....	15
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	16
- Teny nataon'Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain .....	16
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	17
- Teny nataon'Andriamatoa RABETOKOTANY Mamy, Filoha Lefitry ny CNIDH .....	17
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	18
- Teny nataon'Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson .....	19
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	20
- Teny nataon'Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee .....	21
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	21
- Teny nataon'Andriamatoa MAMIHAJA Charlot .....	21
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	23
- Teny nataon-dRamatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH .....	23
- Teny nataon-dRamatoa RAKOTOZAFY Armandine, Kaomisera ao amin'ny CNIDH .....	24
- Teny nataon-dRamatoa MATAVIMANA Ravao Georgine, Kaomisera ao amin'ny CNIDH .....	25
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	26
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin .....	26
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	27
- Teny nataon'Andriamatoa RAJOELINA Andriamiharimanana Seth .....	27
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	29

- Teny nataon'Andriamatoa EDIZARD .....	29
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	29
- Teny nataon'Andriamatoa RAYMOND .....	30
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	30
- Teny nataon'Andriamatoa RABENARY Jean .....	30
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	30
- Teny nataon'Andriamatoa RAYMOND .....	31
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	32
- Teny nataon'Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narindrasana .....	32
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	32
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas .....	33
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	35
- Teny nataon'Andriamatoa TOVONDRAY Retsanga Brillant De L'Or .....	35
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	37
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène .....	37
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	38
- Teny nataon-dRamatoa ANDRIATAVY Lova, Kaomisera avy ao amin'ny CNIDH .....	38
- Teny nataon-dRamatoa RAKOTOZAFY Armandine, Kaomisera ao amin'ny CNIDH .....	41
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	42
- Teny nataon'Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas .....	42
- Teny nataon'Andriamatoa FILOHA .....	42
- Teny nataon-dRamatoa RABENORO Mireille, Filohan'ny CNIDH .....	42
- Fiatoan'ny fivoriana .....	43